NY HERIN'NY FANOVÀNA

[Misamonomonona ny *Minoa Fotsiny* Rahalahy Branham sy ny fiangonana—Mpand.]

2 Somary ho sarotra ho an'ny tsirairay ny haneho ny tenany ao amin'ny—ao amin'ny fotoana iray tahaka an'ity, ny hilaza hoe toy ny ahoana no ankasitrahako an'izao tombontsoa izao amin'ny maha-eto izao maraina izao, sy—sy eo anivonareo, hitandrina ny Tenin'Andriamanitra, izay azoko antoka fa efa mahazatra anareo tsara. Ary—ary te-hisaotra an-dRahalahy Leo sy Rahalahy Gene aho, ary ianareo olona rehetra, ny amin'izao fanararaotra lehibe izao.

3 Ary raha nandre an'ilay—ilay hira fiderana voalohany aho, hatramin'ny farany, dia misy zavatra iray mikasika an'io fihirana io, fanompoana iray izay tsy hitanareo intsony fotsiny. Ary tombontsoa lehibe iray ho ahy foana rehefa tonga eto aho, saiky indray mandeha isan-taona, na indroa, ny manao izay hahafeno ny tenanareo fotsiny amin'ilay fahatsaran'ireo hira ireo.

4 Ary nieritreritra aho izao maraina izao, rehefa nilaza an'ilay hira i Rahalahy Leo hoe *Tonga Avy Any Atsinanana Sy Andrefana Izy Ireo,* sy mikasika ny vadiko nihira an'izany rehefa niala aho mba . . . nandao azy sy—sy Billy ary Rebekah, mba hanomboka an'io fifohazana lehibe io, an'ny lohan-defona iray an'izany, raha ny marina, raha nitety an'ireo firenena izany. Ary tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho, raha nijery teo amin'io andian-dramatoa tsara tarehy, madio endrika io. Tsaroako fa iray tamin'izy ireo i Meda tamin'io fotoana io, zazavavy kely iray mainty volo izy. Ary ankehitriny dia tahaka ny tenako izy, miha-antitra sy fotsy volo izahay, ary miha-tapitra ny andronay. Kanefa miaraka amin'izao Fanantenana lehibe izao, hoe hiaraka hiangona ao Aminy indray isika, izay tsy hisy andro intsony, fahanterana, tsy hisy na inona na inona hisakana antsika na hanelingelina antsika.

5 Tsy mino aho hoe mahafantatra toerana iray izay hany hitako teo amin'ny fiainako, indrindra miaraka amin'ity vahoaka betsaka ity, izay misy Kristiana maro be mahafinaritra miaraka amin'izao fitiavana izao. Aza avela ho faty mihitsy izany eo anivonareo. Tsarovy fotsiny.

6 Izaho taloha dia nanana kely . . . an'ilay filazana eo anivon'ny olona. Ny anaran'ny vadiko dia Hope; ny vadiko voalohany, renin'i Billy. Izy ireo taloha dia . . . Nisy telo izahay tamin'izany, izany dia i Hope, sy ny tenako, ary i Billy. Izy ireo taloha dia niantso anay hoe, "Fanantenana, finoana, ary fitiavana." Ary toy ny tena nanana finoana iray natanjaka, nitovy,

tamin'izany andro izany, ny nino fa marina ity Teny ity; ary, izay nampanantenain'Andriamanitra, dia Hataony.

7 Ary, fa, hitanareo, "Ny lehibe indrindra amin'izany dia ny fitiavana, dia ny fitiavana." Tahaka ny nasehon-dRahalahy Leo izao maraina izao. "Fitiavana! Eo amin'izay misy fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra izany. Eo amin'izay misy faminaniana, dia ho levona izany. Fa rehefa ny fitiavana, izay ny fitiavana, dia haharitra foana izany." Hitanareo?

> Ry Zanak'ondry malala teo am-pahafatesana, Ny Teninao sarobidy
> Dia tsy hahavery Ny Heriny mihitsy,
> Mandra-pahatongan'ilay Fiangonan'Andriamanitra rehetra voavidy
> Ho voavonjy tsy hanota intsony.
>
> Hatramin'izay tamin'ny alàlan'ny finoana no nahitako an'io ony io
> Izay vatsian'ny Ratranao nikoriana,
> Fitiavana manavotra no efa lahatsoratro,
> Ary ho izany mandra-pahafatiko.

8 Heveriko fa tsy misy na inona na inona lehibe indrindra afa-tsy ny fitiavana. Ary ny fitiavana, raha tsy afaka maneho an'izany isika . . . Ankehitriny, afaka milaza isika fa manana fitiavana, milaza an'izany fotsiny isika. Fa rehefa tena asehontsika marina tokoa izay nolazaintsika fa ananantsika, amin'izay fotoana izay dia asehontsika ao amin'ny tenantsika izany.

9 Ankehitriny dia tsy vahoaka iray tanteraka isika. Manao ny fahadisoantsika isika. Manao zavatra izay diso isika. Saingy, hitanareo, ny fitiavana no manarona an'izany rehetra izany. Manaiky isika, rehefa hitantsika ireo fahadisoantsika, ny hiverina ary hifamela. Hia, izany no—izany no mpiady. Izany no, izany marina tokoa no lehilahy sy vehivavy izay mahery fo. Ary ny olona rehetra dia afaka mandeha eo amin'ny sahan'ady, manana herin-tsaina betsaka handeha eo; fa rehefa lavo izy, amin'izay fotoana izay dia miarina ary manandrana an'ilay izy indray, hitanareo. Nisy hira iray taloha izay nohirain'ny lehilahy tanora iray sy vehivavy tanora fahiny tao am-piangonana hoe, "Raha lavo aho na raha tsy mahomby aho," hitanareo, "raha lavo aho na raha izaho . . . " Adinoko hoe ahoana ilay tohiny. "Avelao aho hitsangana ka hanandrana indray."

> Mamelà ahy, Tompo, ary zahao toetra indray mandeha indray aho. (Hitanareo? Hitanareo?)
> Raha lavo aho na raha nanota, dia avelao aho hitsangana ka hanandrana indray.
> Mamelà ahy fotsiny, Tompo, ary zahao toetra indray mandeha indray aho.

10 Ary araky ny maha-vahoaka betsaka roapolo amby zato miaraka eto, ianareo dia natao mba—mba hahita zavatra matetika, hitsofoka eo anivonareo ilay fahavalo, ary ao amin'ny fisainanareo, ka—ka hanomboka an'*ity, itsy*. Mijanòna fotsiny rehefa manao an'izany izy. Eritrereto indray, eritrereto indray ny amin'izao maraina izao, eritrereto ireo fotoana izay hiarahanareo mipetraka ao amin'ny toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy.

11 Ny sasany aminareo dia mpanamboatra fantson-trano ary ny sasany dia mpandrafitra ary ny sasany *ity, itsy,* ary ny *hafa*. Mifampikasokasoka amin'izao tontolo izao isan'andro ianareo, rehefa any ivelany any. Fa rehefa mahita an'ireo zavatra ireo ianareo, ka mipoitra ireo fakam-panahy lehibe, dia tsarovy fotsiny ireo toerana kely, masina izay hiarahanareo mipetraka ireo, miaraka amin'ilay zavatra tokana izay maharitra. Tsy hahomby ny asanareo, indray andro any. Tsy hahomby ny fahasalamanareo. Na dia ny fiainanareo aza, eto an-tany eto, dia tsy hahomby. Fa amin'izay fotoana izay dia tsy ho diso Ity. Ary raha Izy no ivon'ny zavatra rehetra, amin'izay fotoana izay dia ndao isika hihazona ny fisainantsika eo amin'ilay Andry afovoany, izay nitarika antsika eto amin'ity.

12 Oadray, ity andian'olona mahafinaritra, madio endrika ity! Tsy ny akanjonareo loatra no tiako lazaina. Madio ny akanjonareo, mazava ho azy, sy ny sisa, ny tavanareo. Heveriko fa ireto ramatoa kely eto ireto, dia tsy misy pentin-dokomena eo amin'ny iray amin'izy ireo; izy rehetra dia miaraka amin'ny volo lava, tanora na antitra, taona antenantenany sy ny rehetra. Eny. Hitanareo? Eny, tsy fantatrareo fotsiny hoe harena iray toy ny inona no anananareo eto, hitanareo, ato amin'ity trano kely fanaovana fivoriana ity.

13 Izaho dia te-hisaotra an-dRahalahy sy Ranabavy Shantz, ihany koa, sy noho izao tombontsoa amin'ny mahatonga ahy ao an-tranon'izy ireo izao. Ary tranon'izy ireo izany ankehitriny, fa efa namidin'izy ireo ny fananany, heveriko, tany Canada, ka nidina mba honina miaraka aminay. Tsy manana fananan'ny tany intsony isika. Mitady Tanàna iray ho avy isika, Izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao.

14 Ary misaotra an-dRahalahy Leo sy Gene aho, ny amin'ny fahatokiana nananan'izy ireo, tamin'ny fahitana izay nomena azy ireo rehefa nihaona voalohany izahay. Tsy isalasalana fa niteny an'izany taminareo matetika izy. Hafahafa ilay izy, tsy tahaka an'izany mihitsy no nahitako azy. Fantatro fa nisy zavatra nandroso. Rehefa nanatona ahy ilay lehilahy tanora tahaka ny. . . niaraka tamin'ny nofy iray izay azony ny amin'ny pyramida iray, nitsangana tao anatin'io pyramida io. Ary nihanika nankany amin'izay nisy ahy izy, ary izaho nitsangana tao anatin'ny zava-boribory iray, vilia iray, na zavatra tahaka ny jiro iray.

Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, ahoana no iakaranao eny?”

15 Dia hoy aho hoe, “Rahalahy Leo, tsy maintsy mametraka olona iray eto amin’ity toerana ambony eto ity Andriamanitra.” Hoy aho hoe, “Ankehitriny dia nahita ianao, miverena mankany amin’ny olona ka teneno amin’izy ireo hoe ianao dia mino fa avy amin’Andriamanitra izany.”

16 Ary teo am-pahafantarana kely fa nanana toerana iray aho tamin’izay fotoana izay. Izaho—tiako ireo zazalahy, ary tiako ny hametraka azy ireo eo amin’ny toerana iray izay azoko hiarahana amin’izy ireo. Ary nanomboka nanao horonam-peo izy ireo. Saingy, hitanareo, raha ny amiko, dia mbola ho nanao horonam-peo foana izy ireo, araka ny fantatro. Saingy zavatra lehibe kokoa toy ny inona no nataon’Andriamanitra ho azy ireo, nohon’ny manao horonam-peo, hitanareo. Saiky ny olona rehetra dia afaka manao horonam-peo, izay manana fahaizana handefa milina fandraisam-peo, na afaka mivarotra. Saingy mila ny fitarihan’ny Fanahy Masina ny mitari-dàlana vondrona kely iray miaraka tahaka an’ity, izao maraina izao, ka mihazona azy ireo miaraka ao anatin’ny firindrana sy firaisana, ary mbola mamikitra foana amin’ny Hafatra.

17 Andriamanitra, enga anie Ianao—enga anie Ianao hanaiky, ho an’ity vahoaka ity, fiainana lava eto an-tany, sy fahasambarana ary fifaliana, ka amin’izay fotoana izay dia hoe “midira amin’ny fifalian’ny Tompo” eo amin’ny faran’ny làlana.

18 Vonona ho an’ny ady iray isika ankehitriny, tsy maintsy haneno ilay Trompetra. Efa nohiraina ireo hira fiderana, ankehitriny dia tonga ny Teny. Heveriko, raha mitsangana eto aho, fa fantatrareo . . . Eny, mahafantatra angamba ianareo.

19 Fa ny mandre an’ireo fitantaran’ireto miaramila tanora eto ireto! Ary ny tenako miha-antitra, ka mihaino manerana, ary ny finoana sy ny fahatokianareo, ary izay napetrakareo mba hinoana ny Hafatra izay—izay nomena ahy avy tamin’Andriamanitra. Ankehitriny, raha tsy ho anareo rehetra izany, dia tsy hahasoa anareo ny Hafatra. Hitanareo, izany dia—izany dia tsy maintsy misy olona iray mba hino an’Izany. Ary raha mbola avy amin’Andriamanitra foana Izany, dia hisy olona iray hino an’Izany, hitanareo. Nanao làlana iray Andriamanitra. Izy, Izy no nanamboatra ny Fananany lehibe ho tahaka an’izany, hoe, rehefa mandefa Zavatra iray Izy, dia tsy maintsy misy zavatra iray hifanena amin’io Zavatra io. Ny Lalina mamaly ny antson’ny lalina. Izany dia—tsy maintsy ho tahaka an’izany ilay izy.

20 Tiako ilay teny izay nampiasain-dRahalahy Gene tao amin’ny vavaka izao maraina izao hoe, “Ao amin’ireo Kianjany mendri-kaja.” Tahaka an’izany no tsapako rehefa miampita

an'io tetezana any io aho, ho—ho tonga eo amin'izay hanajana sy hankatoavana an'Andriamanitra. Ary hazòny tahaka an'izany foana ilay izy. Tsy mampaninona na oviana ilay fahavalo . . .

21 Tsarovy ankehitriny, aza adino ity; Rahalahy Leo sy Gene, indrindra. Ankehitriny, mihevitra ve ianareo fa hamela an'ity hanohy tahaka an'izao i Satana, tsy misy sakana iray? Oh, tsia. Azo antoka fa tsy hamela izy. Hiditra izy, indray andro any, tahaka ny tadio iray fotsiny. Fa rehefa ny—rehefa tonga tahaka ny tondra-drano iray ny fahavalo, dia manangana faneva iray hanohitra azy ny Fanahin'Andriamanitra. Manohiza mampiakatra ny tenanareo fotsiny amin'ny vavaka eo anatrehan'Andriamanitra. Mifamikira. Mihazòna amin'Andriamanitra. Satria, raha mifankatia ianareo, dia izany no maneho fa tia an'Andriamanitra ianareo. "Izao no hahafantaran'ny olona rehetra, fa Mpianatro ianareo, rehefa mifankatia."

22 Dia nieritreritra aho, vao teo hoe, "Fihirana tsara tarehy toy ny inona! Feo tsara toy ny inona! Vondron-dehilahy sy vehivavy tsara toy ny inona, vady lahy sy vady vavy; tanora, antitra, ary taona antenantenany, miara-mipetraka eto." Nieritreritra aho hoe, "Eny, tokony hanana an'izany izy ireo any Prescott, tokony ho any izy ireo ary tokony hanana fandaharan'ny radio kely iray tahaka an'izany." Noho izany, hitanareo, tsy izany loatra no niantsoan'Andriamanitra an'ireo lehilahy tanora ireo mba hataony. Hitanareo? Hitanareo? Ny Ampakarina dia nantsoina hivoaka, hitanareo, nantsoina hivoaka, ankehitriny dia eto ny asako, mba hiantso. Ary noho izany ireo zavatra tahaka an'izany, ary eo amin'izay amponenanareo ny tenanareo miaraka, sy hihazonanareo ny tenanareo, eo amin'izay tianareo hitaizana ny zanakareo, ny tsirairay avy mandinika ny andro tsirairay, tahaka ny mason'ny voromahery iray miambina an'ireo tanorany, mba tsy hahatonga anareo . . . Raha mahita zavatra tsy mety ianareo, amin'izay fotoana izay dia antsoy mitokana io olona io ka mivavaha mikasika an'izany, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Hazòny hadio izany, masina, mba ahafahan'ny Fanahy Masina hanana toerana iray ho vangiana.

23 Tia ny ho tompoina Andriamanitra. Ary rehefa manompo Azy ianareo, izany dia tsy mihira hira iray loatra tahaka ny ataontsika fotsiny, fa mihira an'ilay izy amin'ny fanahin'ny fanompoana, hitanareo, amin'izay fotoana izay dia tsapanareo ny Fanahy Masina miantsambotra aoriana.

24 Ary mahita lehilahy tanora goavana be aho eto, eritrereto fotsiny ny andro izay nipetrahan'ireo lehilahy tanora teto, ireo tovolahy sy ireo vadiny kely mipetraka eto, ary lehilahy goavana, matanjaka nipetraka teo ka nitomany tahaka ny zaza kely fotsiny.

25 Nahoana, jereo amin'izao andro izao, eto izy ireo eny an-dàlambe, miaina ao anatin'ny fijangajangana sy ny loton'izao tontolo izao, sy ny sisa.

26 Ary ny mieritreritra fa afaka mihataka ianareo ka miangona tahaka an'izao, izay nolazain'ny mpanao Salamo hoe, "Indro mamy sy mahafaly toy ny ahoana ny mpirahalahy miara-monina ao amin'ny firaisana. Toy ny diloilo fanosorana izay teo amin'ny volombavan'i Arona izany, izay nikoriana hatrany amin'ireo moron-tongotry ny akanjony." Fa, io diloilo fanosorana io... Fa, fantatrareo izay nataon'io diloilo fanosorana io, nitahiry azy mba hidirana ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izany. Hitanareo, tsy maintsy voahosotr'io diloilo io izy talohan'ny nidirany tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Ary rehefa afaka miara-monina ao amin'ny firaisana ny mpirahalahy, dia nampitoviana amin'io diloilo io izany. Miditra ao amin'ny Fanatrehan'ny Tompo isika amin'izay fotoana izay, miaraka amin'io hosotry ny mpirahalahy miaraka ao amin'ny firaisana io. *Diloilo* dia maneho ny "Fanahy Masina."

27 Ankehitriny dia afaka manao tonom-bavaka iray isika alohan'ny hidirana ao amin'ny fianarana ny Teny.

28 Ray any An-danitra, araka ny nanehoan'ny rahalahinay izao maraina izao, ilay fidirana ao amin'ny kianja mendri-kaja an'ny Tompo! Ankehitriny, Ray, dia fantatray ity vondron'olona eto ity, ka izay lazaiko ankehitriny, dia tsy maintsy hamaly an'izany aho amin'ny Andron'ny Fitsarana. Ary Zanakao ity. Tahio izy ireo, Ray, tsy ankitsahatra. Tahio Rahalahy Leo sy Rahalahy Gene. Enga anie izy ireo ho voatariky Ny Fanahinao Masina, mba hitari-dàlana an'ireto vahoaka ireto, raha manao an'izao fivahinianana mankany amin'ny filentehan'ny masoandro izao izahay. Ary noho izany, O Fanahy Masin'Andriamanitra, tariho làlana mankany amin'ilay Zanaka izahay. Ekeo izany, Tompo.

29 Vakio ho anay ilay Mofon'Aina, amin'ny alàlan'ny Teny. Ary izahay dia...Fantatray ankehitriny fa ao amin'ny ady izahay ankehitriny. Mametraka an'ireo singam-pitaovam-piadiana izahay, eo amin'ireto rahalahy eto ireto, izay tsy maintsy entin'izy ireo hiady, ao amin'ireo ora izay sisa amin'ny fiainana. Ary mivavaka aho, Tompo, mba Hametrahanao marina tokoa ny singany tsirairay eo amin'izay misy azy, eo amin'izay hahafahan'izy ireo ho voaaro manohitra ny—ny fahavalo na aiza na aiza ahatongavany manohitra azy ireo. Ekeo izany, Tompo. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay. Amena.

30 Ankehitriny, raha ny marina dia miadana aho amin'ny—amin'ny fitenenana, satria izaho dia—tsy mpitoriteny niofana aho. Fantatro fa misy olona eto izay kinga saina, manan-tsaina, mahay, ka nanaisotra an'izany, mba ho tonga ankehitriny sy hamotika ny tenan'izy ireo, ao amin'ny fanetre-tena. Paoly malaza, ilay apostoly, mieritreritra an'ireo teniny aho rehefa

nilaza izy hoe, "Tsy tonga teo aminareo tamin'ny tenin'olona mamitaka aho, satria ao amin'izany no hametrahanareo ny finoanareo, fa tonga teo aminareo tamin'ny herin'ny Fanahy aho." Hitanareo, ireo zavatra lehibe izay fantany fa nananany, dia nesoriny. Ary tsapako izao maraina izao, tahaka ny lehilahy iray eto, tahaka an-dRahalahy sy ranabavy Hughy, mpampianatra eto avy any amin'ireo sahan'ny misiona, ary maro aminareo olona izay tena manan-tsaina sy kinga saina marina tokoa; ary izaho—mahatsapa ho tena kely aho mitsangana eto miaraka amin'ny fianarana tsy dia betsaka izay ananako, eto anatrehanareo. Fa izaho . . . Ary avy eo ny mahita fa ianareo olona, tahaka an'izany, dia—dia hanetry ny tenanareo eo amin'ireo zavatra ireo, nanaisotra an'izany, ka mipetraka sy mihaino olona iray izay zara raha mahafantatra an'ireo ABD-ny, izany no manao anareo ho vahoaka lehibe. Ilay izy dia tsy izay afaka mampiakatra ny sorony, ka mandeha sy . . . Ilay izy dia izay afaka manetry ny tenany.

31 Heveriko, fa ny toetra, izany dia refesina amin'ny alàlan'ny . . . olona, tsy amin'ny alàlan'ireo hozatra eo amin'ny sandriny na amin'ny alàlan'ireo kitro eo amin'ny tànany, fa ilay marika eo amin'ny lohaliky ny patalohany eo amin'izay nivavahany. Heveriko fa izany no manao ny olona.

32 Ankehitriny dia te-hamaky aho, izao maraina izao, sasantsasany avy ao amin'ny Baiboly. Ary tiako ny Teny. Ary ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny efa nanompo ny Tompo isika, ary hanohy hanompo Azy. Ndao isika ankehitriny hanompo Azy tahaka ny—ny Sabatra maranitra mandidy iray, raha mandeha manerana antsika Izany, mba hahitana hoe aiza isika no mitsangana.

33 Ary izaho—mijanona aho, satria ity no toerana anankiray izay tsapako fa ahafahako—ahafahako mampianatra an'ireo zavatra izay tiako ho lazaina izao maraina izao. Ary avy eo, mazava ho azy, Rahalahy Leo sy Gene, ary izy ireo, no—no hanazatra tena eo amin'izy ireo, rehefa miainga izahay, ary hamoaka an'ireo foto-kevitra araka ny nandrenesako azy nilaza tena tamim-pahatsaram-panahy tao amin'ny hafany izao maraina izao. Fa, azony izany. Saingy tsy afaka milaza an'izany avy eo amin'ny lampihazo tahaka an'ity ianareo na eo amin'ireo horonam-peo, fa, hitanareo, mipetraha fotsiny dia ianaro izy ireny. Manohiza fotsiny mianatra azy ireny, hatrany sy hatrany. Sarotra ny mahazo azy. Olona maro no tsy mahazo an'Izany! Ary efa fantatrareo ve, ry ondry—ondry vitsy, fa ilay izy—ilay izy dia tahaka an'izany eo anivon'ny olombelona rehetra? Efa tahaka an'izany foana ilay izy.

34 Raha tsy afaka nahazo ny Tompontsika sy Mpamonjintsika izy ireo, Jesosy Kristy, (na dia ireo Apostoliny aza, hitanareo) noho izany dia ahoana no anantenantsika hahazo an'Izany amin'izao andro izao, hitanareo. Nilaza Izy, fa Izy dia hilaza

zavatra izay mahitsy, fantatrareo, ka tsy hanazava an'ireo Izy. Hilaza an'ireo fotsiny Izy. Nilaza, ohatra hoe, "Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona ianareo sy misotro Ny Ràny, dia tsy manana Fiainana ianareo ao anatinareo."

35 Ankehitriny ahoana, ankehitriny ahoana moa raha ny—raha nisy dokotera iray nitsangana tsara, na mpampivelona iray na tahaka an'izany, tao amin'io fiangonana io, tamin'izany andro izany, izay Niresahany? Eny, hoy izy ireo hoe, "Vampira io Lehilahy io, hitanareo, tiany hisotro Ny Ràny." Hitanareo, tsy nanazava an'izany mihitsy Izy. Nolazainy fotsiny ilay izy. Fa taty aoriana, dia tonga i Paoly ka nanazava azy, hoe ahoana fa ny fanaovana fandraisana izany, fantatrareo, "mihinana Ny Nofony sy misotro Ny Ràny." Ary noho izany dia Nolazainy fotsiny ireo zavatra ireo.

36 Ary ny niafarany, farany, dia ireo apostoly indray andro, taorian'ny fitsanganana mihitsy aza, dia nisy anankiray izay niankina tamin'ny Sorony, Jaona izay Tiany. Lehilahy tanora iray izy. Ary hoy Izy hoe, "Ho inonareo moa raha haharitra mandra-Pihaviko ity lehilahy ity?" Nivoaka ny resaka iray teo anivon'izy ireo, hoe Jaona dia tsy ho—tsy ho faty mandra-piverin'i Jesosy. Tsy nilaza an'izany Jesosy. Izy fotsiny, ny Nolazainy dia hoe, "Ho inonareo raha maharitra izy?" Ary avy eo, mazava ho azy, dia mamaky ianareo ao amin'ny—ao amin'ny Tenintsika, hoe ahoana fa—fa Andriamanitra tamin'izay fotoana izay . . . Izany dia nolazaina ho an'ny tanjona iray. Ireto zavatra rehetra ireto dia ho an'ny tanjona iray. Andriamanitra no naka an'io Jaona tanora io ary nampakatra azy tao amin'ny Fanahy, ka nahita Ny Fihaviany, niditra avy hatrany tao amin'ny—ny taona izay ho avy. Hitanareo, hoy Izy, "Ho inonareo raha maharitra izy?" Tsy nampaharitra azy Izy, ara-batana; fa—fa ny Teny izay Noteneniny tamin'ny alàlany, izany no nitondra antsika amin'ity taona izay misy antsika ankehitriny ity, hitanareo. Noho izany, miara-miasa hahasoa izany rehetra izany.

37 Ao amin'ny Romana, toko iray tena mahazatra, tiako ny haka ny—ny andininy vitsy eto, ary eo amin'ny andininy roa na telo voalohany, andininy roa, heveriko fa izay ilay izy, ary hamaky. Koa, ao amin'ity, dia miezaka ny hanazava Azy amin'ny tsara indrindra izay fantatro hoe ahoana, amin'ny alàlan'ny fanampian'ny Fanahy Masina. Romana, ny toko faha-12.

> *Koa amin'izany dia miangavy anareo aho, rahalahy, nohon'ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, ankasitrahan'Andriamanitra, dia fanompoana mety ho anareo.*

38 Nihevitra aho fa tena tsara tarehy ho an'ity vondrona ity izany izao maraina izao, izay efa nataonareo. Ankehitriny, "Ary," *ary* dia fanohizan-teny iray, raha azoko.

Ary aza manahaka an'ity izao tontolo izao ity: fa miovà amin'ny fanavaozana ny sainareo, mba hahafahanareo manaporofo an'izay tsara, sy ankasitrahana, ary tanteraka, dia ny sitrapon'Andriamanitra.

39 Izany no tiantsika rehetra hatao, dia, "Aza *manahaka* an'ity izao tontolo izao ity, fa *miovà* amin'ny fanavaozana ny saintsika, hanao ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka sy ankasitrahana." Ankehitriny satria voavonjy isika, araka ny maha-izy antsika; ary satria efa nofenoina ny Fanahy Masina isika, araka ny naha-izy antsika; ankehitriny dia tiantsika ny saina izay tao amin'i Kristy, no ho ao amintsika, mba hahatonga antsika hiova avy tamin'ireo zavatry ny fiainana ara-boajanahary ireo, ka nentina hanao ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, amin'ny alàlan'ny fanovàna, an'ny Fanahin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'Ny Teniny.

Ankehitriny ny lohahevitro dia: *Ny Herin'Ny Fanovàna*.

40 Afaka mamela ny Baiboliko *eto* aho. Ankehitriny, taloha ilay izy, taona maro lasa izay, fony aho lehilahy tanora iray tahaka an'ireto lehilahy ireto, izaho—tsy nila nandray naoty an'ireo Soratro aho sy—sy ny sisa rehefa nianatra aho. Fa ankehitriny hatramin'ny nahalasa antitra ahy, nahoana, mitondra boky kely iray ho ahy aho. Ary—ary rehefa mahazo zavatra iray aho, nahoana, dia soratako izany, tsy maintsy ampitoviako amin'ny Soratra ilay izy. Ary taloha, dia efa nanana an'io andalan-tSoratra io tao anatin'ny saiko mihitsy aho, tonga avy hatrany fotsiny aho.

41 Fa, ry sakaiza malala, tsy tanora tahaka anareo rehetra aho, izao maraina izao. Fa antitra aho, ary efa nandalo ady sarotra maro aho, hitanareo; ary, tamin'ny alàlan'ny fandalovana an'ireo ady sarotra ireo, dia izany no mitondra anareo eo amin'izay misy anareo izao maraina izao. Hitanareo? Noho izany, dia azoko antoka fa azonareo izany. Nametraka ahy handalo teo amin'izany Andriamanitra, mba ahafahan'ny fiainako manokatra làlana iray, hilaza hoe "*ity* Izany, hitanareo," amin'izay fotoana izay dia mandeha eo amin'ilay làlana ianareo rehetra. Fa talohako, dia nisy olona iray izay nanokatra an'ilay làlana handehanako. Hitanareo? Ary isika manokatra ny làlana, ny anankiray ho an'ny hafa. Ary araka ny hitanareo, indraindray, dia miha-antitra ny mpiady tranainy antitra iray, ary eo aminy daholo ireo marikany, ary araka ny nolazain'i Paoly indray mandeha hoe, "Mitondra ny marik'i Jesosy Kristy eo amin'ny vatako aho." Hitanareo? Toy ny ahoana no nijeren'i Timoty an'ireo marika ireo, heveriko, tamin'ny fanajana, raha napetrany tamin'i Timoty tanora izany.

42 Ankehitriny, "manova." Niasa tao amin'ny Public Service Company aho taloha, izay nanananay an'ireo mpanova herinaratra, sy mba hanova. Ankehitriny ilay teny dia, ilay teny

dia midika, amin'ny tenany, zavatra tahaka ny . . . Ny *manova,* dia midika hoe "zavatra izay novaina, zavatra izay novaina avy tamin'ny zavatra anankiray ho amin'ny iray hafa."

43 Ary araka ny tiako ho resahana, mandritry ny dimy amby efapolo minitra manaraka na adiny iray, eo—eo amin'ny hoe manova, dia tiako ny—ny hampiasa an'ity lahateny ity. Ary izaho—mety hilaza zavatra sasantsasany aho, eto, izay toy ny tena hafahafa mihitsy. Ary arak'izay vao avy nolazain-dRahalahy Leo hoe, "Raiso Izany ary ianaro fotsiny Izany, vetivety." Hitanareo, eritrereto vetivety fotsiny Izany.

44 Ny *niova* dia hoe "novaina sy natao zavatra hafa."

45 Toy ny—ny tsiboboka iray, niova avy tamin'ny tsiboboka iray izy ho sahona iray. Hitanareo, indray mandeha, dia tahaka ny trondro misy volombava iray izy, nilomano nanodidina teo, izy dia—nanana loha iray sy ny rambony izy, ary ny zavatra rehetra fotsiny dia tahaka ny—ny trondro misy volombava iray. Avy eo, afaka kelikely, dia nanomboka veriny, veriny ny rambony, ary izy dia—niova avy tamin'ny karazana anankiray ho amin'ny iray hafa izy.

46 Heveriko fa izany no tsy maintsy nananan'i Paoly tao an-tsainy, rehefa nilaza izy hoe, "Miovà amin'ny—amin'ny fanavaozana." Ndao jerentsika, mamelà ahy hilaza an'izany tsara. "Ary aza manahaka," fantatrareo hoe inona ny hoe *manahaka*.

> . . . *aza manahaka an'ity izao tontolo izao ity: fa miovà amin'ny fanavaozana ny sainareo,* . . .

47 "Fanavaozana ny sainareo." Ireo zavatra izay noeritreretinareo fahiny, ho sarobidy, dia esory izany ka miovà ho amin'ny zavatra iray hafa; izay naha-izy anareo fahiny, ho amin'izay maha-izy anareo ankehitriny. Hitanareo?

> . . . *amin'ny fanavaozana ny sainareo, mba* hahafahanareo *manaporofo . . . izay tsara, sy ankasitrahana, ary tanteraka, dia ny sitrapon'Andriamanitra.*

48 Oh, izany no tiantsika rehetra ho fantatra, ahoana no anaovana an'izany. Hitanareo? Eto isika, tia Azy isika; namonjy antsika Izy, ankehitriny dia tiantsika ny hahafantatra izay hatao. Ary niezaka isika ny nanao dingana kely iray izao maraina izao, mba hiakatra ambonimbony kely kokoa fotsiny. Matetika isika dia mikasika an'ireo zavatra izay . . . Mihazòna fotsiny mandritry ny vitsy . . . mandra-pahitantsika hoe ho tonga eo amin'ny inona izany.

49 Ankehitriny ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-1, "Ny Fanahin'Andriamanitra dia nanomba tambonin'ny rano." Fantatsika fa ny rano . . . Ary—ary hoy ny Baiboly hoe, "Tamin'ny voalohany tany," io, ity, "dia tsy nisy endrika ny tany, ary foana."

Tsy nisy na inona na inona afa-tsy aizin'ny fikorontanana. Ary—ary toerana mahatsiravina iray toy ny inona no tsy maintsy nisy azy. Tsy nisy afa-tsy làlana miditra ao amin'ny aizina tany, tsy nisy hazavana na inona, sy fangotrangotrahan'ny rano, ary io kintana nirenireny io izay nihodinkodina nanodidina sy nanodidina an'ireo toeran'ny kintana tany ho any io. Izany dia tsy maintsy ho—ho vongan-javatra iray mampahatahotra an'ny—ny—ny zavatra very iray, tahaka ny naha-izy azy, tsy afaka nahita ny làlany.

50 Ary lasa tahaka an'izany isika rehefa lasa kintana mirenireny, lavitra an'Andriamanitra, tsy manana fanantenana fotsiny, tsy misy an'Andriamanitra; tsy misy, mangotrangotraka eo fotsiny, ao amin'ny aizina, tsy mahafantatra hoe oviana isika . . . aiza no alehantsika.

51 Dia nalain'Andriamanitra io korontan'aizina io, ka nanova azy ho sahan'i Edena iray, hitanareo, tamin'ny alàlan'Ny Teniny. Tahaka an'izany no nanovàna antsika, tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy mazava," ka tonga nanodidina ny masoandro io vongam-pamoronana io, ary nanomboka nihodina nanodidina ny masoandro, ka lasa sahan'i Edena iray satria nankatò ny Tenin'Andriamanitra izy. Nanao ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka izy, satria novaina avy tamin'ny korontana izy, nankany amin'ny sahan'i Edena iray, tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra.

52 Ankehitriny dia ho an'izany no maha-eto antsika. Izany no Hafatro, efa izany hatrany foana, dia ny Tenin'Andriamanitra. Tsy maintsy mihazona amin'Izany isika tsy mampaninona izay zavatra hafa miseho. Mijanòna foana amin'io Teny io. Amarino foana ny antonareo sy ny tanjonareo, raha araka ny Tenin'Andriamanitra ilay izy. Raha tsy izany, dia avelao hipetraka tsara izany. Hitanareo? Fa raha miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra ilay izy, ka milahatra tsara amin'ny Tenin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay, izany, dia mihazòna amin'izany ianareo.

53 Ankehitriny matetika Andriamanitra . . . Tahaka ny vondrona kelinareo eto fotsiny izao maraina izao. Tsy Avelany hitranga ao anatin'ny alina iray fotsiny izany, Izy dia mamela, Andriamanitra . . . Isika no ilay anankiray izay maika. Andriamanitra tsy maika mihitsy. Milaza an'ilay izy fotsiny Izy, dia—dia tsy maintsy hisy izany. Satria, rehefa milaza zavatra iray Izy, dia tsy maintsy misy izany. Tsy maintsy hisy fotsiny izany! Izy, mamela an'izany haka ny fotoany Izy. Izy no mamela . . .

54 Ireo zanaka Hebreo, ireo olona malazan'ny Soratra, izay nihazona teo amin'ny Tenin'Andriamanitra ho marina, hoy izy ireo hoe, "Ny Andriamanitray dia mahay manafaka anay amin'io

lafaoro afo io. Na ahoana na ahoana, hitanareo, tsy hiondrika amin'ilay sary izahay, satria manohitra ny Teny izany, hitanareo. Na izany aza, raha mamono anay Izy, dia Izy no hanangana anay indray, hitanareo." Hitanareo, ary izy ireo . . . Navelany nandeha avy hatrany teo amin'ny moron'io lafaoro afo lehibe io izy ireo, ary nilatsaka tao, talohan'izany dia toy ny hoe tsy niraharaha mihitsy Izy, toy ny hoe tsy nandinika azy ireo mihitsy aza Izy. Fa mandinika foana Izy, na izany aza. Miambina an'ity foana Izy.

55 Ankehitriny dia hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy mazava." Ary enina arivo taona no nilain'io Edena io ho tonga teo amin'ny fisiana, ary nampianarina isika ao amin'ny Soratra hoe, "Fa ny iray andro eto an-tany dia . . . na—na—na dia arivo taona, amin'Andriamanitra; ny arivo taona eto an-tany, dia iray andro amin'Andriamanitra." Noho izany dia nila enina arivo taona ny nanaovana an'ity tany ity, sy hanaovana azy ho Edena iray. Fa, hitanareo, izany no Andriamanitra, ilay Tompo lehibe an'ny fahalalana rehetra, ary Izy—Izy dia nanana tao an-tSainy izay Tiany hatao.

56 Tahaka an'ilay lehilahy izay nanorina an'io kalesy fitaterana io fotsiny, rehefa ilay lehilahy izay . . . Tahaka anareo rahalahy eto izay namolavola an'io saha io, ahoana no hanamboaranareo azy, efa tao an-tsainareo izany, dia nanohy nanatanteraka an'io fahitana io ianareo.

57 Tahaka an'izany no nataon'Andriamanitra mikasika an'izao tontolo izao. Niasa Izy; efa tao an-tSainy izany. Ary, raha mahamarika ianareo, dia tonga toy ny hoe tamin'ny alàlan'ny fivoarana izany, toy ny hoe nianatra bebe kokoa hatrany foana Izy, manao zavatra miha-lehibe sy miha-lehibe. Fa, hitanareo, ambonin'io rehetra io Izy, ka namela an'izany hivoatra hatramin'io, hitanareo. Ny zavatra rehetra izay Natombony ho entina eto an-tany, avy tamin'ny fiainan-java-maniry, sy trondro, sy ny sisa; tonga teo amin'ny vorona izany, sy ireo biby; ary avy eo dia zavatra araka ny Endriny Manokana, olona iray; dia nijanona teo, hitanareo, satria niankina tamin'ny Fahatanterahany izany, an'izay Tiany.

58 Tahaka an'izany no anombohanareo, tahaka an'io sarety fitaterana io. Mety mametraka rafitra ianareo, dia hoy ianareo hoe, "Inona ny ataonao?" Tahaka anareo, rehefa namindra an'ireo vato voalohany niala tamin'ity zorony eto ity ianareo. "Inona no ataonao?" Hitanareo, ilay izy dia tsy toy ny hoe hitovy amin'izay haha-izy azy ankehitriny. Ilay izy dia toy ny hoe Edena kely iray, satria efa tao an-tsainareo izay hatao, ary nanohy niasa fotsiny ianareo.

59 Ankehitriny dia te-hovaina isika, ny tenantsika, amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny saintsika. Hitanareo, tsy izay ananantsika eto amin'ity tany ity, izay tadiavintsika eto amin'ity

tany ity; fa izay haha-izy antsika, amin'ny tontolo izay ho avy. Novaina tamin'ny alàlan'ny fanavaozana ny saintsika!

60 Ankehitriny, enina arivo taona, no nalain'Andriamanitra hanamboarana an'ity, ary mahita isika ao amin'ny Genesisy 1. Kanefa, ankehitriny dia mahita isika fa, ao amin'ity, Andriamanitra dia nanana ny—nanana tanjona iray izay Tiany ho tanterahina.

61 Ary olona maro, eo amin'ny fampianarana ny Genesisy, eto amin'ny toko faha-1 sy ny toko faha-2, ary ny toko faha-3, indrindra hoe, "Toy ny mamerimberina ny Tenany Andriamanitra. Na nilaza Izy, nandroso Izy ka nilaza an'ireo zavatra rehetra izay Nataony ireo. Oh, toy ny hoe Izy. . . 'Aoka hisy mazava, ary aoka hisy *ity,* ary aoka hipoitra izao,' nefa tsy mbola nisy zavatra anankiray akory aza teo." Tsy nisy na inona na inona. Tsy nisy hazavana iray teo. Io—io tany tranainy io dia mbola nitsingevana tao anatin'io aizina teo io, rakotry ny rano. Saingy, hitanareo, efa niteny Ny Teniny Izy, ary avy eo dia nisy izany rehefa niteny Izy.

62 Mahamarika isika ankehitriny eto amin'ny Genesisy 1, hoy Izy hoe, "Dia nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Izy, araka ny Tarehiny Manokana, araka ny endrik'Andriamanitra no Nanaovany (Izy no nanao) azy, lahy sy vavy." Hitanareo, nanao olona Izy, niteny fotsiny ny Teny Izy. Avy eo dia hitantsika, fa rehefa lasa ny Androny maro, angamba an-jato sy an-jato taonany, dia tsy mbola nisy olona hiasa ny tany teo. Tsy nisy olona hiasa ny tany, noho izany dia nanao olona avy tamin'ny vovoky ny tany Andriamanitra. Hitanareo, efa niteny ny Teny Izy, ary avy eo dia tsy maintsy niseho ny Teny.

63 Ankehitriny, rehefa hoy Izy hoe, "Aoka hisy mazava," angamba mety nisy an-jato taonany, angamba valonjato taona, talohan'ny nisian'ny hazavana iray mihitsy, saingy niseho izany satria Andriamanitra no niteny an'izany.

64 Ary hanana Fiangonana iray Andriamanitra, tsy ahoako na taona maizina firy no andalovantsika, na mbola inona koa. Hanana Fiangonana iray tsy misy pentina na fikentronana Izy, na ampahan'izany isika na tsia, satria efa nilaza Izy fa hitranga izany. Tsy maintsy ho eo izany.

65 Ary—ary nandidy Izy, mba—mba hanova an'izany ho fiainan-java-maniry sy ny fiainana rehetra izay Novokariny. Izy no nilaza an'ireto teny ireto, toy ny hoe, "Aoka hisy hazo palma iray. Aoka hisy hazo ôka iray. Aoka hisy kesika iray."

66 Jereo eny an-tany efitra, izay ipetrahantsika eto Tucson. Eo ivelany eo, dia misy raketa, raketa mandady, ireo karazana raketa rehetra. Telopolo minitra avy eo fotsiny, dia ireo kesika Sherman no eo an-tampon'ilay tendrombohitra. Ankehitriny, io raketa io dia tsy haniry *eo* ambony eo, ary ny kesika Sherman ihany koa dia tsy haniry *eto*. Ankehitriny, taiza ilay Fahalalana

izay namboly an'ilay voa? Hitanareo, tsy maintsy tonga avy tany ho any izy ireo. Izany no Tenin'Andriamanitra hoe, "Aoka hisy," dia nisy izany.

67 Ankehitriny, mahita isika fa ity rehetra ity (rehefa avy nanao an'izany Izy, nanova an'izany tao amin'ny karazany sy ny fiainany, ary—ary izany rehetra izany dia napetraka tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, ilay Mpamorona), izany rehetra izany, hitantsika, fa ity rehetra ity dia miafara ao amin'ny foibe iray, nantsoina hoe sahan'i Edena; ary Andriamanitra nametraka ny Zananilahy, sy ny ampakarin'ny Zananilahy, teo ambonin'izany rehetra izany. Hitanareo? Io famoronana lehibe io, hitanareo, dia nanana antony iray ho an'izany Izy. Nanao ny zavatra rehetra tena tsara tarehy Izy! Izy no nanao ny voninkazo, sy ny aina, ary ny vorona; ary tsy nisy fahafatesana teo, tsy nisy fahotana, tsy nisy alahelo, tsy nisy aretina. Ary avy eo io zavatra lehibe io dia niafara tao amin'ny foibe goavana anankiray, dia ny sahan'i Edena.

68 Ary Napetrany tao ny Zananilahy, Adama, sy ny ampakarin'i Adama, vady. Ankehitriny dia mety hilaza ianareo hoe, "Ny vadiny izany." Amin'ny ampahany dia vadiny izany, saingy izy dia tsy nanana mihitsy . . . tsy mbola tena vadiny mihitsy.

69 Tahaka ny ao amin'ny Soratra, mahita isika, eo amin'izay Nilazany hoe, "Josefa, ianao ry zanak'i Davida, aza matahotra ny haka an'i Maria ho vadinao, fa izay ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina." Hitanareo? Ankehitriny efa vadiny izany rehefa nanao an'ilay fampanantenana hanambady azy izy, na haka azy; kanefa tsy mbola vadiny izany, tsy mbola, satria tsy nahafantatra azy ho vady iray mihitsy izy.

70 Koa tahaka an'izany ilay izy eto, ny antony nilazako hoe, "Zanakalahin'Andriamanitra sy ny ampakariny." Tsy nahafantatra ny vadiny ho vady iray mihitsy i Adama, kanefa dia vadiny izany, amin'ny ampahany. Tahaka an'ilay Fiangonana mihitsy ankehitriny, sy Kristy.

71 Ankehitriny, tamin'izay fotoana izay, dia afaka nitsahatra ny rehetra, satria ireo voan'ny Tenin'Andriamanitra tsara rehetra, izay efa Noteneniny, dia namoaka ny karazany avy. Tonga ny tany, nisy ny hazavana. Nisy ny tara-masoandro rehefa Navelany hihiratra ny masoandro. Ankehitriny nahoana no Nataony mihiratra ny masoandro? Efa nanana tao an-tSainy Izy, hitanareo, hoe, raha tsy mihiratra ny masoandro, dia tsy haniry ilay voninkazo, izay efa Noteneniny ho amin'ny fisiana. Izy no manao ny zavatra rehetra hanatanteraka ny tanjony, na inona na inona izany. Tahaka ny hazo iray, mitondra voan'oaka anankiray izy, na mitondra paoma iray. Izy no manao ny voankazon'ny saha, sy ny sisa. Izany rehetra izany dia ho an'ny Tanjony. Ary ny zavatra rehetra dia tsy maintsy niseho, fa Izy no niteny an'izany. Ankehitriny ny zavatra tokana tsy maintsy Nataony,

rehefa avy niteny an'izany, Izy . . . teo am-pitenenana an'izany, raha ny marina. Afaka nandeha niala sasatra Izy, satria efa Noteneniny izany, ary tsy maintsy niseho izany rehetra izany satria Izy no efa niteny an'izany. Tsy fantatro hoe firy no tsy maintsy nandalovan'izany talohan'ny nisehoany, fandavana firy na mbola inona koa. Fa tsy maintsy niseho izany, satria Izy no nilaza fa tsy maintsy hiseho izany. Efa Noteneniny izany.

72 Mitovy amin'izany ny mikasika ny hananana Fiangonana iray eto amin'ny andro farany. Hanana Ampakarina iray Izy. "Izy dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Raha tsy hanaraka Azy isika, dia haka olona iray hafa izay hanaraka Azy Izy. Hitanareo? Hanana an'Izany Izy, satria efa niteny an'izany Izy. Na inona na inona Lazainy, dia tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy. Tsy afaka miova izany. Tsy maintsy tahaka an'izany no hisehoany, satria Izy no nilaza fa ho izany ilay izy.

73 Ary io zavatra lehibe izay Fantany io dia hiseho, rehefa Izy—Izy no efa niteny an'izany, afaka maka fialan-tsasatra iray Izy. Eo ambany fifehezana ny zavatra rehetra! Ny Voany dia Ny Teniny, ary Ny Teniny dia voa iray. Jesosy no nilaza fa izany ilay izy. Ary ho mety tsara ny zavatra rehetra, satria Izy no efa nilaza mba hitondran'izany ny karazany avy, manova fotsiny ihany ho amin'ny karazany. Hitanareo, Ny Teniny dia tsy maintsy avy amin'ny Karazany. Raha nilaza hazo "palma" iray Izy, dia tsy palma iray sy ôka iray nafangaro miaraka no Tiany ho lazaina. Ny Tiany ho lazaina dia hazo palma iray *eto,* ary hazo *ôka* iray eto, ny zavatra rehetra eo amin'ny toerany araka ny fipetrany.

74 Oh, raha afaka mianatra an'izany fotsiny mantsy isika, hoe ampahany inona amin'ny Teny isika, tsy maintsy maka ny toerantsika isika, tsy mampaninona na inona na inona ilay izy.

75 Mieritreritra anabavy kely iray aho teto tao amin'ny seza misy kodiarana, indray andro, vavaka mahatoky firy no efa natao taminy. Amin'izay fotoana izay dia tsy mahazo isika, noho izany dia apetratsika amin'Andriamanitra fotsiny ilay izy. Ary miaraka . . . Voninkazo iray eto anivonareo eto izy, miaraka amin'ny hafaliany sy ny sisa. Hitanareo, fa afaka mitsangana isika sy mandehandeha, toy ny ahoana no haniriany hanao an'izany, kanefa falifaly izy amin'ny fomba izay ipetrahany fotsiny. Voatsindrimandry handinika foana an'ilay ramatoa kely aho, hitanareo, satria izy . . . Mino ny fanasitranana isika rehetra. Efa nahita an'Andriamanitra nanao fahagagana mihoatra lavitra noho izany isika, hitanareo. Ary izy dia mahafantatra an'izany, ihany koa, hitanareo, saingy manaiky ny handray ny toerany izy.

76 Hitanareo, na inona na inona ilay izy, dia izay no tiantsika. Ary mino aho fa Davida, no nanao hoe, "Aleoko ho famafan-tongotra iray ao an-tranon'ny Tompo, toy izay hitoetra ao

anaty tranolay miaraka amin'ny ratsy fanahy." Hitanareo, tsy mampaninona na inona na inona ilay izy, "raisiko ny toerako."

77 Indraindray dia voatery hisaraka amin'ny zavatra rehetra izay malala eto an-tany ianareo, aminareo, mba haka ny toeranareo izay niantsoan'Andriamanitra anareo. Azoko antoka fa afaka mamaky ny anelanelan'andalana ianareo, izay lazaiko. Hitanareo? Indraindray ilay olona tena malala indrindra eto an-tany, voatery handray tànana azy ireo ianareo; ka haka ny toeranareo ao amin'i Kristy, ho eo amin'izay niantsoan'Andriamanitra anareo. Hitanareo? Saingy inona no ataon'Andriamanitra? Manova anareo avy amin'izay naha-izy anareo. Angamba zanakavavy iray na zanakalahy iray, na inona na inona ilay izy, avy amin'ny fianakaviana maha-te-ho tia iray indraindray, mametraka anareo any an-kafa any ho any Izy. Satria, izany no Fombany anaovana an'ilay izy, hitanareo, amin'ny alàlan'ny fanovàna ny sainareo, mba hankatò ny Tenin'Andriamanitra, tsy mampaninona izay vidiny. Hitanareo? Ireo zavatra ireo dia tsy tonga . . . Izany dia tsy miantso . . .

78 Tsy zavatra mora ny fanavotana antsika, izany dia ilay Zanak'Andriamanitra no tsy maintsy maty ho antsika. Hitanareo? Izany tsy . . . Ireo zavatra lafo vidy dia tonga avy amin'ny vidiny lehibe.

79 Ny mitondra an'ity Hafatra ity, dia tsy mora izany. Hitanareo? Tsia, tsy mora. Tsy maintsy nahafoy ny zavatra rehetra izay malala tamiko aho, na dia ny havako manokana aza, ny olona rehetra. Saingy hitanareo fa ilay vidiny dia, hitanareo, dia ny manao ny sitrapon'Andriamanitra. Ary ny manao an'izany, izay mahafantatra fa misy zavatra ato amiko, rehefa nilaza izy ireo taloha . . . Eny, saika handroaka ahy izy ireo; nieritreritra fa veriko ny saiko. "Ny manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mifanohitra amin'ny fiangonana. Ireo zavatra rehetra ireo!" Hoy izy ireo hoe, "Adala izy." Saingy, hitanareo, tsy mampaninona izay nolazain'izy ireo, misy zavatra tsy maintsy atao. Ary maka olona iray fotsiny Andriamanitra, mandraikitra azy eo an-Tànany, ary manao hoe, "Ataovy ity," dia ataonareo ilay izy.

80 Mety vidiny iray toy ny ahoana ilay izy ho an'i Masindahy Paoly; nampianarina teo ambanin'i Gamaliela, ny mpampianatra malaza indrindra tamin'ilay andro. Ary tonga, ka ilay tena zavatra izay noheveriny ho fampianaran-diso mihitsy, ireo zavatra izay noheveriny fa izany no zavatra ratsy indrindra izay nety nitranga tao amin'ilay fiangonana, tonga avy hatrany izy ary lasa mpandray anjara iray amin'Izany. Zavatra hafahafa iray! "Ary ahoana fa Andriamanitra dia miasa amin'ny fomba mahagaga, amin'ny fomba hafahafa, mahatsikaiky, hanatanteraka an'ireo Fahagagany."

81 Rehefa niteny an'ilay izy Andriamanitra, dia Fantany fa Ny Teniny dia voa iray; ary izany dia afaka, hamoaka ny karazany avy. Ankehitriny, nodidìna hamoaka ny karazany avy fotsiny ihany izany, ary hanao an'izany foana ilay izy raha tsy manodina azy ny olona.

82 Ary toy izany koa ny Fiangonan'Andriamanitra sy ny zavatra hafa rehetra, mamoaka ny karazana tahaka azy tany amin'ny voalohany, raha tsy nanodina an'ity Teny ity ireo teolojiana, niezaka nametraka Azy tany an-kafa tany ho any, na zavatra hafa. Andriamanitra no niteny Azy. Ary tsy mampaninona na impiry no ahafahan'izy ireo, iezahan'izy ireo hanimba Azy sy hanodina Azy, sy ny sisa, tsy maintsy hamoaka ny Karazany Izy. Tsy misy na inona na inona hampijanona Azy mihitsy.

83 Manantena aho fa tsy toy ny hoe mivazavaza anareo rehetra aho. [Manamboatra fanamafisam-peo iray Rahalahy Branham—Mpand.] Mafy loatra ve ity? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."]

84 Ary, hitanareo, hitantsika ankehitriny fa milamina ny zavatra rehetra. Andriamanitra no niteny azy, ka hoy Izy hoe, "Aoka hisy, aoka hisy. Ary aoka hisy Edena iray. Aoka hisy voninkazo tsara tarehy. Aoka hisy ny Zanakalahiko, araka ny Endriko Manokana, hitsangana ao amin'ny sahan'i Edena, ary aoka ny ampakariny hijoro eo anilany." Oh, tsara tarehy toy ny ahoana, moa izany. Ary ilay Ray, Ray iray Izy, hitanareo, noho izany dia tonga ireo Zanany Manokana nivoaka. Ary nanao paradisa iray ho azy ireo Izy. Tian'Andriamanitra ny manao zavatra ho an'ireo Zanany.

85 Tsy tsaroanareo ve hoe ahoana, ianareo reny, ary tsy mampaninona na ahoana na ahoana; raha tsy maintsy nitsinjo ny sakafo ianareo, raha nila kiraro tsara izay tiany i Junior, ianareo—dia nataonareo izany, hitanareo. Na inona na inona ilay izy, manao zavatra ho an'ny zanakareo! Dada, toy ny ahoana no niasanareo mafimafy kely, mba hahazo zavatra ho an'ireo zanaka. Hitanareo?

86 Eny, izany dia maneho fotsiny fa *eto* ambany eto isika, raiamandreny iray. Izy no Raiamandreny fatratra indrindra, hitanareo, ary mihoatra lavitra toy ny ahoana! Tsy mahagaga raha nilaza ilay apostoly hoe, "Tsy mbola hitan'ny maso, na tsy mbola ren'ny sofina, tsy mbola niditra tao am-pon'ny olona ihany koa, no namboarin'Andriamanitra ho an'ireo, ao amin'ny fitehirizana, izay tia Azy." Tsy afaka mihevitra ao an-tsaintsika fotsiny isika, isika, ny saintsika dia tsy mahavita misaina ny tsara—làlana tsara izay tehirizin'Andriamanitra, ao amintsika izay tia Azy. Hitanareo, isika, afaka misaintsaina aho hoe ho inona ilay izy, afaka mieritreritra aho hoe ho inona ilay izy, saingy izaho—izaho . . . ny saiko dia tsy—tsy—tsy afaka mieritreritra hoe lehibe toy ny ahoana ilay izy. Any

ankoatran'izany ilay izy. Azonareo saintsainina ve hoe ho inona ny Lanitra rehefa ho any isika rehetra, ary tanora, sy tsy misy fahotana? Ary tsy misy . . . Oh, toerana iray tsara tarehy toy ny inona! Saingy, hitanareo, any ankoatran'izany ilay izy. Hitanareo, isika, "tsy afaka miditra ao am-pon'ny olona mihitsy akory aza izany, izay namboarin'Andriamanitra ho azy ireo, ao amin'ny fitehirizana." Izy no niteny an'izany, ary tsy maintsy ho toy izany ilay izy.

87 Ankehitriny taorian'io fanomanana tsara tarehy izay Nananany teo io, an'Ny . . . Tsy tiako ny milaza an'ilay izy amin'io teny io hoe, fanomanana, fa somary mitovy amin'ny . . . Ny reny ve tsy, alohan'ny fahatongavan'ilay zaza, tsy miantso an'izany hoe entan-jazakely ve izy ireo? Izy ireo dia manao ny . . . ireo kiraro kely rehetra sy ny sisa ho vonona, fantatrareo, ho an'ny fahatongavan'io ampaham-pitiavana kely izay alefan'Andriamanitra io fotsiny, mividy an'izany.

88 Izany no nataon'Andriamanitra ho an'i Adama sy Eva. Namorona an'io sahan'i Edena io Izy. Efa Noteneniny izany, efa tao an-tSainy izany; ka rehefa Lazainy ilay izy, dia tsy maintsy mitranga izany.

89 Ataovy ao an-tsaina izany ankehitriny. Izay Lazainy, dia tsy maintsy mitranga izany! Hitanareo, ary Izy tsy afaka . . . Tsy misy na inona na inona afaka—afaka hisakana an'izany, tsy misy na inona na inona afaka hanakana an'izany tsy hitranga. Tsy misy na inona na inona afaka manakana an'izany tsy hitranga. Andriamanitra no niteny an'ilay izy, dia milamina hatreo izany! Andriamanitra no nilaza an'ilay izy, dia tsy maintsy mitranga izany.

90 Ankehitriny dia nanana an'io rehetra io tao an-tsaina Izy, ka hoy Izy hoe, "Aoka hisy." Ankehitriny, izany no Genesisy 1, hitanareo, "Aoka hisy an'*ity*. Aoka hisy an'*itsy*. Aoka hisy." Namafy voa Izy. "Aoka hisy *eto*. Aoka hisy *eto*. Aoka hisy *eto*." Ary Fantany fa tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy, satria tsy afaka miova izany.

91 Ankehitriny dia izany no manome finoana antsika, raha izany. Ary izay Nolazainy *Eto,* dia tsy maintsy hisy. Noho izany dia ndao isika hamela an'io Voa io hilatsaka ao anatin'ny fontsika, mba hahatonga antsika ho tany famafazana an'Izany, hitanareo, ao anatin'ny fontsika. Ary ndao isika hihetsika eo amin'io toerana izay Nametrahany antsika io, amin'ny andro farany. Hitanareo, "Aoka hilatsaka ao am-ponay ilay Voa, Tompo. Aoka hilatsaka ao am-poko Ny Teninao." Aoka tsy hisy tsi-finoana mihitsy ao!

92 Tahaka an'i Abrahama, rehefa lehilahy antitra iray izy, toy ny hoe tsy azo atao. "Ahoana no hanaovan'izy ireo an'izany? Ahoana no hahatonga azy ho tahaka an'io?" Tsy nihevitra an'izany mihitsy izy. Noraisiny fotsiny ny Tenin'Andriamanitra,

ary nanohy nino an'izany izy, ka nataon'Andriamanitra niseho ilay izy. Ankehitriny, Andriamanitra no efa nilaza an'ireo zavatra rehetra ireo, noho izany dia fantany fa hisy izany. Ary nisy izany, namoaka araka ny karazany Izy.

93 Ankehitriny izay Novainy tamin'izany, ny voa rehetra tao anatin'olombelona sy ny famoronana izay natao hisy, dia tonga fotsiny araka ny Nolazainy haha-izy azy. Na, hoy Izy hoe, "Ho tanteraka anie izany." Angamba lasa ny an-jato sy an-jato taonany, saingy indro isika fa mahita Edena tsara tarehy iray, ary ireo vorona goavana nanidina. Tsy nila ny ho faty ireo vorona ireo. Ary ny lopa sy ny zanak'ondry dia niara-nihinana, sy ny liona, ny leoparda sy ny omby. Ary tsy nisy famonoana tao, tsy nisy fahafatesana, tsy nisy alahelo. Ary tao i Adama sy Eva, nitsangatsangana tao amin'ny sahan'i Edena. Namokatra ny voa rehetra, tsy afaka nanao na inona na inona hafa mihitsy izany. Tsy afaka nanao na inona na inona hafa mihitsy izany, satria hoy Andriamanitra hoe, "Aoka ho tahaka an'izany ilay izy." Tsy maintsy tahaka an'izany ilay izy.

94 Oh, toy ny ahoana no hitiavako hijanona eto iray minitra fotsiny, mba hilazana, hitanareo, hoe eo no anatrehantsika, indray, ny fahatanterahan'ity Teny ity.

95 Ankehitriny dia hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy." Ary indro tonga eto izany, voalohany, tanteraka mihitsy, marina tokoa. Ankehitriny, *ity* hazo ity dia afaka mamokatra an'itsy hazo itsy irery ihany. *Ity* hazo ity dia afaka mamokatra an'ity hazo ity irery ihany. Ary Adama, zanak'Andriamanitra iray, dia afaka mamokatra zanak'Andriamanitra iray irery ihany. Hitanareo, azonareo ve izay tiako ho lazaina? Izany no zavatra rehetra araka ny karazany avy, noho izany Andriamanitra dia afaka nilaza hoe, "Eny, hitsahatra fotsiny Aho ankehitriny."

96 Ary efa voamarikareo ve, teny vitsy fotsiny no mba notenenin'Andriamanitra, izany tokoa, hatramin'io fotoana io? Izany dia Napetrany, taorian'ny fahalavoana, tamin'ireo Mpaminaniny, ary izy ireo no mitondra ny Teny ankehitriny, hitanareo. Nitsahatra Andriamanitra, tsy nanana hatao intsony Izy. Mandeha mankany amin'ny Foibeny fotsiny izy ireo ary mandondòna eo amin'ny varavarana, ka manao hoe, "Ray, inona izany?" Dia mandefa ny Teny amin'ny alàlan'izy ireo Izy. Hitanareo, manana rafitra iray Izy, sy ny fomba fanaovana an'ireo zavatra ireo.

97 "Aoka hisy fotsiny. . . " Ary efa tahaka an'izany ilay izy, ny zavatra rehetra, avy amin'ny voany no mamoaka ny karazany. Ankehitriny rehefa lasa tena tsara tarehy ny zavatra rehetra, ka miseho araka ny nolazain'Andriamanitra ny zavatra rehetra, ankehitriny dia indro tonga io mpamitaka marihitra, maloto io.

98 Izany ankehitriny no ezahako ampitandremana anareo rehetra eto. Rehefa mahita ny Voan'Andriamanitra mifahatra

ianareo, mba hitombo, dia tandremo tsara fa io olona tonga io dia fetsy fotsiny arak'izay mety haha-izy azy, hanonona Soratra fotsiny amin'izay tsy hanana azy, hitanareo. Diniho izy, satria mpamitaka iray izy.

99 Izaho dia hiantso azy, raha tokony hoe ny—ny mpampitovy, satria nitovy, izy dia mpanova iray, manova ny zavatra izay efa nitovy. Mpanova iray izy, ary, izy, mpanova iray, na mpamadika iray, na mpanimba iray an'ilay Voa tany amin'ny voalohany sy ny fandaharana tany amin'ny voalohany.

100 Hitanareo eto ankehitriny, tahaka ny ao amin'ny vondronareo eto izao maraina izao, manana fandaharana iray ianareo, manana fijery iray ianareo. Ankehitriny dia diniho io mpanimba io, oh, ho fetsy sy halama arak'izay mety haha-izy azy izy, hitanareo. Fa hazòny ny fijerinareo, ry zazalahy. Hitanareo, manohiza mihazona eo amin'izany.

101 Mahita koa isika ankehitriny fa, rehefa tonga izy, dia nanova an'io voa io. Ary nosimbainy io voa io tamin'ny alàlan'ny fidirana tao anatin'ilay tany famafazana, dia i Eva, ary nanimba an'ilay voa, niaraka tamin'ny voa mety lò iray, talohan'ny nahatongavan'izany teo, mba hanimba an'io sahan'i Edena tsara tarehy io.

102 Any—any, ny Lanitra, ny zavatra tokana izay misy, dia ny famerenana. Eo amin'izay misy antsika ankehitriny, eo amin'ny làlantsika miverina mankany amin'io fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra tany amin'ny voalohany io isika, miverina mankany amin'ny sahan'i Edena indray; vady lahy sy vady vavy, tsy misy—tsy misy mihitsy—fahotana mihitsy na inona, mba hiaina Mandrakizay. Fa ny—ny fan-. . . ny . . .

103 Ankehitriny, ankehitriny dia mila antsika hanova ny saintsika Izy, amin'ny fanavaozana; na miova, miova amin'ny fanavaozana ny—ny saintsika.

104 Ankehitriny dia tonga i Satana ka mampiditra fanovàna iray amin'ny Teny, manao Azy hilaza zavatra izay tsy maha-izy Azy. Ankehitriny izany no nataony tany amin'ny fiandohana. Ary mariho ankehitriny, ity dia ho tena hafahafa izao maraina izao, amin'ny—amin'ny olona, raha tsy miandry sy mampifototra eritreritra betsaka loatra aho eto alohan'ny ahatongavako eo amin'ny eritreritro tsotra izay tiako mba—mba hampitaina aminareo. Dia ity, hoe, tonga ilay mpanova; ary satria naka enina arivo taona Andriamanitra niaraka tamin'ny Teny tany amin'ny voalohany, mba hamoaka ny teny rehetra araka ny karazany, ka ny zavatra rehetra izay Nataony dia ho Tenin'Andriamanitra Manokana mamoaka ny karazany avy, ankehitriny dia naka enina arivo taona ilay mpanova, sy mba hanovàna an'io Tenin'Andriamanitra io. Dia inona no nataony? Namoaka karazana Edena vaovao iray ho an'ny tenany izy, Edenan'i Satana. Eo amin'izany no iainantsika androany.

105 Ahoana no nanaovany an'izany? Ahoana no nahafahan'izany nitranga? Ankehitriny ilay ampahany mahavariana dia hoe ahoana no nanaovany azy. Ary eo isika no tokony, ny maha-eto ahy, mba haneho an'ity eto anatrehanareo, mba ahafahanareo mianatra azy ankehitriny, ary miaraka amin'ireo rahalahy eto, sy ny sisa, ao anatin'ireo herinandro ho avy, mba ahafahanareo mahita hoe ahoana no nanaovan'i Satana an'ity. Dia diniho hoe fetsifetsy toy ny ahoana izy, ary fetsy toy ny ahoana izy.

106 Ankehitriny, novainy ireo voa ireo. Ankehitriny, tsy afaka namotika azy ireo izy, novainy fotsiny izy ireo. Fantatsika ankehitriny fa ny fahotana dia fahamarinana nosimbaina. Izany fotsiny dia hoe ny lainga iray dia fahamarinana iray diso faneho. Hitanareo, ny zavatra rehetra. Ny fijangajangana dia hetsika marina iray, izay nodidian'Andriamanitra, fa noraisina fotsiny tamin'ny fanao ratsy. Hitanareo, ny zavatra rehetra. Ary ny fahafatesana dia fahasimbam-piainana iray. Ny fahafatesana dia maka fotsiny, hitanareo, manova ny fiainana.

107 Ankehitriny dia nanana enina arivo taona izy hanaovana an'izany niaraka tamin'io famafazam-poiziny io. Ary ahoana no nanaovany an'izany? Ity ilay ampahany mahavariana ankehitriny. Ary henoy tsara ankehitriny. Nataony tamin'ny alàlan'ny fandrosoana izany. Mety ho hafahafa izany ankehitriny, saingy izany io. Hanao filazana iray aho eto izay hihazona anareo haminavina, angamba, mandritry ny minitra vitsy; manantena aho fa tsy izany. Fa efa fantatrareo ve ity? Ankehitriny tsy miezaka manohana ny tsy fahaizana aho. Saingy efa fantatrareo ve fa ny fandrosoana, ny siansa, ny fianarana, sy ireo zavatra izay ankamamiantsika betsaka tokoa amin'izao andro izao, no ilay tena fitaovan'i Satana mihitsy, na dia ny fandrosoana aza? Tsy avy tamin'Andriamanitra mihitsy ny fandrosoana. Avy amin'i Satana ny fandrosoana. Ankehitriny dia hanaporofo an'izany aminareo amin'ny alàlan'ny Teny aho, ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny.

108 Tsy avy amin'Andriamanitra ny fandrosoana. Satria, mamelà ahy haneho aminareo; ao amin'ity fandrosoana ity, arakaraky ny mampandroso antsika araka ny iasantsika amin'ny alàlan'ny siansa, no amonoantsika isan'andro ny tenantsika. Hitanareo? Ary ity fandrosoana ity dia voavoatra hatreo amin'ny faratendrony ankehitriny, ka manana ny fahafatesana isika ao amin'ity fandrosoana ity. Manana ny fahotana isika ao amin'ity fandrosoana ity. Manana ny aretina isika ao amin'ity fandrosoana ity. Tsy mety ho avy amin'Andriamanitra izany.

109 Noho izany, Andriamanitra, ao amin'ny Ari-. . . Ny Fanjakany lehibe, lehibe Manokana izay ho avy, dia hanana fandrosoana iray isika, saingy tsy ho zavatra iray tahaka an'ity izany. Tsy ho avy amin'ny siansa izany. Ho fandrosoan'ny finoana iray izany, amin'ny alàlan'ny Teny. Hitanareo?

110 Ny fandrosoana siantifika izay ananantsika, dia fandrik'i Satana marina tokoa, ary tamin'izany no namonoany ny olona. Izany no amonoany antsika, isan'andro, amin'izany. Tahaka an'izany ilay izy, rehefa mihinana isika, isan'andro; raha tokony ho velona, dia maty isika. Manana ny zavatra rehetra tena simba izy ireo, haka betsaka amin'*ity* fotsiny mihitsy aza ary hanafangaro azy amin'*ity,* sy hampifangaro an'*ity* sy *itsy, itsy,* mandra-pahatonga azy ho faty. Taranaka maty iray izany. Ary tsy mampaninona izay ezahanareo hatao, maty ianareo.

111 Efa hitanareo ilay sary omaly hariva, an'ireo Afrikana ireo. Ary fantatrareo ve hoe nahoana? Tsy nanana penicilline mihitsy izy ireo. Ela velona noho isika ireo olona ireo. Tsy fantatr'izy ireo akory aza hoe izy ireo . . . Tsy manelingelina azy ireo ny tsimok'aretina. Hitanareo, nahoana, hanangana ny tànany ny tsimok'aretina iray ka hitolo-batana amin'izy ireo. Hitanareo? Satria izy, hitanareo, izy tsy, izy . . . Izy ireo tsy. Nahoana? Izy ireo dia tsy mbola . . . Hitanareo, isika dia haka, ny siansa haneho, tahaka ny penicilline iray na zavatra iray izay hapetrak'izy ireo ao anatintsika, mba—mba hanala an'io aretina io, nefa mandrovitra zavatra hafa izany, ary manao tany famafazana iray ho an'ny zavatra hafa iray. Hitanareo? Ankehitriny, tsy manao an'izany izy. Hitanareo?

112 Ankehitriny ny rehetra, maro aminareo olona no avy amin'ny toeram-pambolena. Mahafantatra ny olona rehetra fa ny voly salama tsara iray dia tsy mila ho fafazana mihitsy. Izy dia—manana fanosehana iray ao amin'ny tenany izy, an'ny fiainana, ka tsy hipetraka eo amboniny akory aza ny tsimok'aretina iray, eo amin'ny tena—eo amin'ny voly iray tena salama. Ilay izy dia io voly ao amin'ny trano mafana io, ilay izy dia io voly mifangaro izay tsy maintsy rotsirotsianareo io!

113 Ohatra, ny sasany aminareo olona eto dia Tandrefana eto. Mitodiha any amin'ny fotoan'ilay ombivavy lava tandroka fahiny. Amin'izao andro izao dia milaza ianareo fa manana hen'omby iray tsaratsara kokoa miaraka amin'ny—miaraka amin'ny Hereford-nareo. Manana ve ianareo? Tsy manana ianareo. Io ombivavy lava tandroka fahiny io, tsy hoe manohana an'ilay zazavavy antitra, fa izy dia afaka, izy dia hahazaka ririnina eto ivelany eto tahaka ny diera iray. Oh, nahia sy ny sisa izy, saingy izy dia indroa . . .

114 Ity Hereford ity, manosika vilona eo ambaniny ianareo, rehefa maka ny sariny ianareo, hatrany amin'ny kibony, saiky, mba haneho fa hen'omby hatrany amin'ny taolan-tsokany izy. Ary inona izany? Raha vahanareo ho eo ivelany eo izy, dia ho faty. Tsy afaka hahazaka ririnina izy raha tsy maintsy hizaka. Tsy maintsy mamahana azy ianareo, sy ny zavatra hafa rehetra, mba hikarakara azy, mandrotsirotsy azy eo. Mifangaro iray izy. Hitanareo? Fa ny tena lava tandroka iray, tena izy fahiny, dia vahao fotsiny izy.

115 Tahaka an'izany ireo Kristianintsika amin'izao andro izao. Manana maro be izay tsy maintsy asiana savony malemy isika, hiangavy azy ireny, hametraka azy ireny, hanao azy ireny ho diakona iray ao amin'ny fiangonana, hikapokapoka azy eo amin'ny soroka, ary hanamboatra toerana lehibe iray ho azy ao am-piangonana. Fa, raha tsy manao ianareo, nahoana, izy, izy tsy—tsy ho avy izy, raha tsy mamela an'*ity* anankiray ity hanao an'ity ianareo, ary *ity* anankiray ity hanao an'*itsy*. Izany no mandrotsirotsy.

116 Azonareo eritreretina ve fa izany ireo Kristiana tena izy? Henjana izy ireo. Natanjaka izy ireo. Azonareo eritreretina ve fa izany karazana Kristiana izany i Masindahy Paoly, azonareo eritreretina ve i Masindahy Petera hoe, "Koa ankehitriny—ankehitriny, raha tsy manao ahy ho mpanara-maso ambony ianareo, eny, tsy fantatro, dia mety handeha aho hikambana amin'i *Ranona-sy-ranona*"? Lehilahy henjana izy ireo. Lehilahin'ny finoana izy ireo. Niaina niaraka tamin'Andriamanitra izy ireo. Nandeha niaraka tamin'Andriamanitra izy ireo. Lehilahy vitsy teny izy ireo. Nanompo an'Andriamanitra izy ireo, andro aman'alina, tsy ankitsahatra. Tsy nila namafy azy ireo sy nandrotsirotsy azy ireo ianareo, ary nanolotra azy ireo an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*. Lehilahy izy ireo, henjana! Izy ireo dia voa tena izy, fa tsy mifangaro tao amin'ireo anaram-piangonana.

117 "Raha ianareo, ireo Metodista no tsy mitondra tsara ahy, dia handeha hankany amin'ireo Batista aho. Raha tsy mitondra tsara ahy ireo Batista, dia handeha hankany amin'ireo Pentekotista aho. Raha tsy mitondra tsara ahy izy ireo, dia handeha hiverina any amin'ireo Katolika aho, na mbola inona koa." Hitanareo, izy ireo, mifangaro iray izany, tsy maintsy mamafy azy ireo hoe, "Eny, Dokotera Revera Rahalahy *Ranona-sy-ranona*." Tsy izany ny Kristianisma.

118 Ny Kristianisma dia mangataka—tsy mangataka titra, tsy mila fitia izany. Andriamanitra irery ihany no fantany. Voa tany amin'ny voalohany izany. Tia an'Andriamanitra izany, ary mifankatia. Tsy misy famafazana eo amin'izy ireo, sy fandrotsirotsiana azy ireo, ary fikapokapohana azy ireo eo, ka manao hoe, "Eny, eny, *ity* anabavy ity, eny, mino aho fa mety tsara aminy ny manana volo fohy, fa *ity* anankiray ity tsia." Ary—ary tsy misy ny karazan-javatra tahaka an'izany, nefa mamela azy ireo hilamindamina miaraka amin'*ity*. Izany dia—henjana izany, izany no Filazantsara! Asehoy eo izany, avelao hilatsaka eo amin'izay hilatsahany izany. Ireo Kristiana dia tia an'izany.

> Tsy maintsy ho entina mody any an-Trano ve aho,
> any An-danitra,
> Eo ambonin'ny fandriam-piadanana iray misy
> voninkazo,

Nefa ireo hafa dia niady hahazo an'ilay loka
Ka nisosa nandalo teo amin'ireo ranomasin-drà?

119 Tsy maintsy kapokapohina ao amin'ny lamosina ve aho, sy *ity, itsy,* ary ny *hafa,* ary rotsirotsiana? Miandry ny toerako any lavitra any aho miaraka amin'ilay henjana. Tsy manantena ny hiakatra any tsy misy holatry ny amboara mihitsy aho.

Tsy maintsy miady aho, raha tsy maintsy hanjaka,
ampitomboy ny herim-poko, Tompo!

120 Hitanareo, avelao aho hijoro tahaka ny Kristiana iray. Tsy hoe ho—ho voly mifangaro iray. Tsy maintsy ho rotsirotsiana sy safosafoina, ary ampidirina ao anatin'ny zavatra iray. Tsy nampidirina ianareo na ahoana na ahoana, tao amin'ny Kristianisma, teraka tao amin'izany ianareo. Lasa olombaovao ianareo, voan'Andriamanitra iray ianareo, izay tonga ao anatin'ny tany.

121 Ankehitriny, hitantsika ankehitriny fa namafy an'io famafazam-poizina io izy, ary io famafazana io dia famafazan'ny fahalalana moderina, fianarana, siansa, ary fandrosoana, ireo zavatra izay tena ankamamiantsika betsaka tokoa. Efa mba nijanona ve ianareo mba hieritreritra fa ny fahavalontsika lehibe, ao amin'ny fiainana ara-boajanahary amin'izao andro izao eo anivon'ny firenena, dia ny kominisma? Iza no andriamanitry ny kominisma? Fandrosoana, sy fianarana, siansa. Marina izany, sa tsy izany? Izany no iveloman'izy ireo sy itolomany, dia ny siansa, siantifika, ireo siansa, ny andriamanitry ny siansa. Ankehitriny raha ho tianareo fotsiny . . . ary miaraka amin'ilay famafazam-poizin'io fandrosoana moderina, siansa ary fianarana io.

122 Ankehitriny dia mamelà ahy hanaporofo aminareo fa avy amin'ny devoly ny fianarana sy ny fandrosoana. Ndao isika ankehitriny hiverina eto ka hahita, raha tianareo, ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-4. Eny àry, ankehitriny dia ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-16-n'ny Genesisy 4. Efatra ambin'ny folo eto na . . . Genesisy 4, mamelà ahy. Mariho ankehitriny, Satana . . .

123 Ianareo vahoaka, manaraka an'ireto horonam-peo ireto, miaraka amin'ny—ny rahalahintsika eto, ankehitriny, ianareo dia efa nandre ahy nitory teo amin'ny *Taranaky ny Menarana,* ary tsy azo lavina izany. Izany dia nisokatra tao anatin'ny anankiray tamin'ireo Tombokase Fito. Niafina izany.

124 Ankehitriny raha tonga teo ambanin'io karazany io ireo ankizy, hitanareo, teo ambanin'io karazana fampianarana io, dia izany ireo raiamandreniny, manana ny natioran'ireo raiamandreniny izy ireo, ireo anaram-piangonany, sy ny sisa, tsy maintsy mino an'izany izy ireo. Hitanareo, mino an'izany izy ireo satria teraka teo ambanin'io raiamandreny io. Fa amin'izao andro izao dia tsy teraka teo ambanin'io raiamandreny io isika;

ny Raiamandrenintsika dia ny Teny. Ary ny Teny . . . "Eny," hoy izy ireo, "izaho dia teraka teo ambanin'Andriamanitra, ihany koa." Ho an'io taona io. Fa ity dia taonan'ny famaranana, ity dia taona any ankoatran'ireo anaram-piangonana ireo.

125 Tsy maintsy nivoaka izany, tsy maintsy nivoaka; Andriamanitra no nanendry azy ho toy izany, hoe tsy maintsy mivoaka izany, tsy maintsy misokatra ireo Tombokase Fito ireo. Natao ho vita ao anatin'ity taona Laodikiana ity izany. Ary heveriko, any ankoatry ny aloky ny fisalasalana . . . Tsy hoe midoka tena isika; tsy manao fandokafana isika, eo amin'i Jesosy Kristy irery ihany; tsy misy iray amintsika. Mandoka an'i Jesosy Kristy irery ihany isika. Fa mankasitraka isika miaraka amin'ny . . . nohon'ny tombontsoa amin'ny fahafantarana tamin'ny alàlan'ny . . . any ankoatry ny aloky ny fisalasalana, fa Andriamanitra no nifidy antsika ao amin'ity andro farany ity, ary nanaporofo an'izany tamin'ny alàlan'ireo famantarana teny amin'ny Lanitra sy teto an-tany; ary ny tsirairay avy tamin'izy ireny dia niverina avy hatrany tamin'ny Teny, mba hanaporofo fa tahaka an'izany ilay izy, ity taona izay iainantsika ity, ny Hafatra sy hoe ahoana fa izany Izy. Tsy fombam-pivavahana iray isika. Tsy andiana fanatika isika. Mpanompon'Andriamanitra isika, izay nantsoin'ny Fanahy Masina. Hanana ny karazana anarana rehetra hapetaka aminareo ianareo, saingy tsy midika izany fa tahaka an'izany ilay izy.

126 Tsarovy ankehitriny, ny zanak'i Satana dia i Kaina. Heveriko ankehitriny fa efa nitety an'ireo horonam-peo rehetra ianareo rehetra, fa, hitako ny tranom-bokinareo eto, misy azy ireo. Tsarovy ankehitriny fa lasa bevohokan'i Satana i Eva, ary tamin'io andro io ihany . . . Manana tranga iray an'izany isika any Tucson ankehitriny, hoe ny vehivavy iray, raha lasa izy . . . miaina miaraka amin'ny lehilahy anankiroa izy, dia afaka mahazo karazana zanaka roa samihafa. Fantatsika izany. Nahafantatra an'izany aho tao amin'ny fampiarahana an'ireo alika sy ireo zavatra, sy ny sisa, raha izany mihitsy ilay izy.

127 Noho izany i Satana, tamin'io maraina io angamba, dia nihaona tamin'io anankiray ratsy io, dia ny menarana; tsy tao anatin'ny biby mandady iray, fa biby iray; fetsy indrindra, fetsifetsy, manan-tsaina, amin'ny biby rehetra, teo ambanin'ny olona mihitsy. Ary ny olona dia biby, izy tenany, ary isika dia—mampinono isika, biby mafana rà.

128 Ary—ary Satana no fitohizana manaraka eto, io menarana io, no zavatra manakaiky ny olona iray, avy amin'ny rajako, mijoro eo anelanelan'ny olona sy—sy ny rajako. Ankehitriny dia mikaroka an'io fitohizana banga io ny siansa. Fa tena miafina ilay izy tamin'ny nanitrihana azy, ary tsy misy taolana iray akory aza ao aminy mitovy amin'ny olona iray, hitanareo, manao azy ho biby mandady iray.

129 Ankehitriny, mahita isika ankehitriny, fa io zalahy io no nahita an'i Eva tao amin'ny sahan'i Edena, io vehivavy tanora izay tsy nahafantatra ny fahotana io, tsy nahafantatra hoe inona ny fitanjahany. Fa izy no nahafantatra. Nanan-tsaina izy, fetsy, hendry. Ary hoy izy taminy hoe, "Ilay voa, ilay—ilay voankazo dia mahafinaritra sy mampitsiririra," ary . . . rehefa niaina niaraka taminy izy tamin'io maraina io.

130 Ary avy eo, hitanareo, avy eo, ny tolakandro, dia nandresy lahatra an'i Adama izy mba hanao an'ilay zavatra iray ihany, niteny taminy hoe inona ilay izy.

131 Ary tamin'izay fotoana izay Adama nanao fanahy iniana, teo am-pahafantarana fa tsy tokony nataony ilay izy, dia nandeha niaraka tamin'ny vadiny ary nanao an'io fihetsika io. Fa, tsy maintsy ho tonga teo amin'izany ihany izy tamin'ny farany na ahoana na ahoana. Saingy, hitanareo, tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy, ny fahendren'Andriamanitra, satria io amin'izay fotoana izay, izany, no maneho ny Toetrany mba ho Mpamonjy iray, Ray, Mpanasitrana. Efa nandre ahy nitory teo amin'izany ianareo, hitanareo. Ankehitriny raha tsy natao io . . .

132 Navelany teo fotsiny izy ireo teo amin'ny safidy malalaka, mba hamela azy ireo hihetsika. Tsy afaka nanao azy ireo hanao an'izany Izy, ary avy eo dia mbola ho marina foana. Fa afaka nametraka azy ireo hitovy Aminy Izy, sy safidy malalaka, ary avy eo dia namela azy ireo hanao an'ilay izy samirery. Ary Fantany fa hanao an'izany izy ireo.

133 Ary noho izany àry, hitanareo, tamin'izay fotoana izay rehefa niara-niaina taminy i Adama, dia niteraka kambana izy. Ary ny iray tamin'izy ireo dia avy tamin'i Satana; ary ny anankiray tamin'izy ireo dia avy tamin'i Adama, izay avy tamin'Andriamanitra. Kaina sy Abela.

134 Ary mitranga izany. Manana tranga iray isika any Tucson any ankehitriny. Ilay—ilay vehivavy fotsy dia niaina niaraka tamin'ny vadiny indray maraina, ary tamin'io tolakandro io dia niaina niaraka tamin'ny Mainty iray izy. Ary ny anankiray tamin'ireo zazalahy kely . . . Zazalahy kely anankiroa no teraka. Ny anankiray tamin'izy ireo dia Mainty kely iray ngita volo, ary ilay anankiray hafa dia—dia zaza mena volo iray, tena tsara tarehy. Ary—ary, eritrereto ankehitriny, miezaka izy ny hanao an'ilay ray fotsy hikarakara an'ireo ankizy roa. Dia hoy izy hoe, "Ny ahy manokana no ho karakaraiko, fa tsy ny azy. Aoka ilay lehilahy Mainty hikarakara ny zanany manokana." Noho izany, hitanareo, marina izany.

135 Misy foana ny kambana. Ary izany no antony . . . Aza adino ity, ry ondry vitsy. Ny fiangonana amin'ny andro farany dia ho kambana, "tena hifanakaiky ka hamitaka ny Voafidy izany . . . " Matio 24:24, hitanareo. Ny fiangonana dia ho . . . Ilay izy dia hetsika Pentekotista iray. Tena mitovy betsaka

amin'ilay tena zavatra izany, hany izany ka "hamitaka an'ilay tena Voafidy raha azo natao." Ary any aoriana kely, raha manana anjara aho, dia te-hanazava aho hoe inona, ahoana no ahatongavan'io fifidianana io. Hitanareo, hamitaka azy ireo izany satria saiky mitovy amin'ilay zavatra iray ihany. Hitanareo, ray anankiroa fotsiny, izay ihany; reny iray ihany, fiangonana iray ihany, hetsika iray ihany, zavatra iray ihany. Iray ihany ilay tany famafazana, izay ilatsahan'ny Teny; saingy ny anankiray amin'izy ireo, tahaka ny eto, dia simba. Azonareo ve? Manaova "amena" raha azonareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo, ny anankiray amin'izy ireo dia fanimbàna iray, satria ilay ray ratsy izany. Fa, hoporofoiko indray andro any, raha havelan'Andriamanitra aho, fa io anaram-piangonana io no mariky ny bibidia. Hitanareo, izany ilay ray ratsy, manery ny olona hankany amin'ny rafi-pandaminana iray izy raha tokony hankany amin'ny Teny. Hitanareo, ilay ray ratsy izany. Hetsika iray an'i Kaina izany.

136 Rehefa mandeha mody aho amin'ity fotoana ity, dia hitory aho eo amin'ny lohahevitra hoe, *Ny Dian'Ilay Menarana*; ilay bibidia tany amin'ny voalohany, sy ilay bibidia tany amin'ny farany; ary hanaraka azy manerana ny Baiboly, ka haneho hoe ahoana no iafarany. Hitanareo? Ary manaraha an'izany eo amin'ny telefona ianareo rehetra, hitanareo, raha mamela antsika hanao an'izany ny Tompo. Ary diniho fotsiny ankehitriny hoe fetsifetsy toy ny ahoana ity zalahy ity, ahoana fa izy fotsiny marina tokoa dia . . . Eny, izy ireo dia tahaka an'i Jodasy sy Jesosy fotsiny tany, izy roa dia mpirahalahy tao amin'ny fokony, tahaka an'i Esao sy Jakoba fotsiny. Ary—ary tahaka an'ilay—ilay goaika sy voromailala, nipetraka teo amin'ny rantsan-kazo iray ihany. Ary ny zavatra rehetra dia kambana, ao—ao amin'ity fifamelezana lehibe izay misy antsika ity.

137 Mampiasa famitahana ny fahavalo, tahaka ny nataony tamin'i Eva hoe, "Oh, nilaza ve Andriamanitra? Azo antoka tokoa, fa—fa azo antoka tokoa . . . " Hitanareo?

138 Hitanareo, miezaka mandanjalanja an'ilay izy any ankoatr'izay nolazain'Andriamanitra tany am-boalohany hoe, "Ho faty ianao!"

139 Hoy izy hoe, "Eny, Andriamanitra no niteny an'Izany, saingy azo antoka tokoa . . . " Hitanareo ve ilay famafazana teo ambonin'izany? Hitanareo? Fa izay lazain'Andriamanitra, dia tehirizin'Andriamanitra, tsy mila fanampiana avy amin'i Satana Izy. Izy no mitahiry an'Izany. Noho izany, aza voafitak'izany mihitsy. Ankehitriny dia mahamarika isika, arak'izany, fa namoaka araka ny karazany izany. Ankehitriny ao amin'ny Genesisy eto, mahita isika, taorian'ny famafazana an'io poizin'ny fahalalana io.

140 Ankehitriny, ny siansa dia fahalalana. Ary izay rehetra rentsika dia: "Siansa, siansa, siansa, siansa." Ny lesona malaza any an-tsekoly dia: Siansa! Androany, fiara iray tsaratsara kokoa, *ity* tsaratsara kokoa, trano iray tsaratsara kokoa, tokantrano iray tsaratsara kokoa, *ity* tsaratsara kokoa, *itsy* tsaratsara kokoa. Inona no ataontsika? Eo am-pahafatesana, hatrany foana. Namorona fiara iray, dia mijanona tsy mandeha an-tongotra isika; raha mijanona tsy mandeha an-tongotra, dia hivadika ho tavin-trozona isika. Eny, tsy manana lehilahy intsony isika; manana trondro malemilemy isika. Marina izany.

141 Ary ny vehivavy, ny ataony rehetra, dia ny manary akanjo, ary avy eo [Mipaipaika zavatra Rahalahy Branham—Mpand.] manindry bokotra iray, dia izay no izy. Nefa, ny reninareo dia nandeha teo amin'ny loharano fahiny, ary naka rano, sy nanapaka hazo, ary nampangotraka rano teo amin'ny vilany fampangotrahana iray tany ho any, ary—ary nanamboatra ny akanjony tahaka an'izao. Ary tena malemy isika, raha nanao an'izany izy ireo, dia hamono antsika izany. Saingy, tsy afaka manao na inona na inona amin'izany isika, izany no taona izay iainantsika.

142 Na dia ny siansa aza dia milaza ankehitriny, hoe, "Ireo zazavavy kely dia ho tonga ao amin'ny fitsaha-jaza, ireo vehivavy tanora eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona." Nihaona tamin'izy ireny mihitsy tao anatin'ny laharana aho. "Fa ireo lehilahy tanora dia handalo eo amin'ny taonany antenantenany, eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona." Ny reniko . . . Ny vadiko dia nandalo, teo amin'ny dimy amby telopolo hatramin'ny efapolo. Ny reniko dia nandalo, nanomboka tamin'ny dimy amby efapolo hatramin'ny dimampolo. Hitanareo ve hoe toy ny ahoana ilay fitotonganana amin'izao andro farany izao. Satria nahoana? Miasa betsaka eo amin'ny siansa isika.

143 Dimampolo amby zato taona lasa izay, ny fitaterana tokana izay nananan'ny olona iray dia tamin'ny alàlan'ny soavaly na tamin'ny alàlan'ny tongotra. Fa ankehitriny dia mandeha amin'ny alàlan'ny fiaramanidina haingam-pandeha izy, saiky amin'ny alàlan'ny eritreritra iray. Hitanareo, ny siansa no nanao an'izany, ary avy amin'ny devoly izany. Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Marina ve izany, Rahalahy Branham?" Eny, tompoko.

144 Ndao raisintsika ny Genesisy ankehitriny, 4.

> *Ary Kaina dia niala teo amin'ny fanatrehan'ny* TOMPO, . . .

145 Ankehitriny dia diniho ny zavatra voalohany nataony. (Mitenena amiko rehefa mihevitra ianareo fa efa ampy ny azontsika eto, satria hijanona eo amin'izany aho na aiza na aiza.) Hitanareo, "Niala teo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo

i Kaina." Teo no nanaovany ny fahadisoany. Ary eo no hanaovanareo fahadisoana iray, ary eo no hanaovako ny fahadisoana, ilay minitra izay ivoahantsika avy eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

> *. . . Kaina niala . . . teo amin'ny fanatrehan'ny* Tompo, *ka nonina tany amin'ny tanin'i Noda, teo atsinanan'i Edena.*

146 Jereo hoe mpivavaka toy ny ahoana ilay izy, nandeha nihodina nankany amin'ny ilany "Atsinanana", ilany Atsinanana.

> *Ary Kaina nahalala ny vadiny; ka nitoe-jaza izy, ary niteraka an'i Enoka: ary* Enoka *nanorina tanàna iray,* (hitanareo, fandrosoana), *nanorina tanàna iray izy, ary niantso ny anaran'ilay tanàna, araka ny anaran'ny zananilahy hoe, Enoka.*
>
> *Ary . . . Enoka niteraka an'i Irada: ary Irada ni- . . . ary Irada ni- . . .* [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]
>
> *. . . naka vady roa ho azy: ny anaran'ny anankiray dia Ada, ary ny anaran'ilay hafa* dia *Zila.*
>
> *Ary Ada niteraka an'i Jabala: ary . . . ny rain'izay* nonina *tao anaty tranolay, sy avy amin'*izay nanana *biby fiompy.*
>
> *Ary ny anaran'ny rahalahiny dia Jobala:* (Ataoko fa, J-o-b-a-l-a) *izy no ray . . .* an'*izay mitendry an'ireo* harpa *sy* orga. (Hitanareo, mozika; siansa, hitanareo, izay tonga.)
>
> *Ary Zila, . . . koa dia niteraka an'i Tobala-kaina, mpanefy ny f-i-a-s-a-n-a-m-a-r-a-n-i-t-r-a rehetra* avy amin'ny *varahina sy vy:* (amin'ny teny hafa, dia karazana manao lasitra, manao azy hikambana), *ary ny anabavin'i Tobala- . . . Tobala-kaina dia Nama.*
>
> *Ary Lameka nilaza tamin'ireo vadiny, Ada sy Zila hoe, Henoy ny feoko; ianareo vadin'i Lameka, henoy ny teniko: satria namono lehilahy iray aho nohon'ny feriko, ary tovolahy iray nohon'ny ratrako.*
>
> *Raha ho valiana* fito heny *i Kaina, dia marina tokoa fa Lameka dia fitopolo . . .* impito heny, na *fito amby fitopolo heny.*

147 Mariho ankehitriny, vantany vao niala teo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo izy ireo, dia nanomboka nanorina tanàna, nanomboka nanao fitaovana; nanomboka tamin'ny siansa, mba hanao varahina sy vy, ary—ary nitendry mozika, sy ny sisa. Hitanareo? Hitanareo? Ankehitriny avy taiza izany? Inona no nivoaka? Kaina, ilay taranaky ny menarana. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nivoaka i

Kaina. Ary, mariho, nivoaka niala teo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo izy, ary nanomboka niasa tamin'ny siansa.

148 Ankehitriny dia jereo hoe aiza no mbola iasany, hitanareo: siansa, fianarana, tanàna, kolontsaina. Avy amin'ny devoly izany. Iza no nanomboka an'izany? Ny devoly. Iza ilay izy amin'izao andro izao? Ny devoly. Ireo baomba atomika sy ny sisa, mba hamotehana antsika. Miaina ao anatin'izany isika. Tsy maintsy miaina eto isika. Olombelona iray isika, tsy maintsy mijanona eto isika. Fa ny fandrosoana lehibe an'Andriamanitra dia tsy hanana ny iray amin'izany ao anatiny. Hitanareo? Ary ny siansa dia maka—dia maka an'ireo zavatra ara-boajanahary ka manimba an'izany hanaovana zavatra izay tsy nokasainy hatao.

149 Ary toy izany koa ny fivavahana siantifika! Maka ny Tenin'Andriamanitra izy ka manao rafi-pandaminampiangonana iray avy amin'izany, raha tokony hanao an'ireo zavatra izay nasaina nataony.

Hoy izy ireo hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana."

Hoy ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

"Tsy misy izany karazana fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany."

150 "Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao, ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino: Amin'Ny Anarako dia handroaka devoly izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; raha mandray menarana izy ireo, na misotro zava-mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany; raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Inona? Noho izany, dia ireo firenena rehetra, ny olona rehetra, ny olombelona rehetra! "Indro, momba anareo Aho, hatrany amin'ny faran'ny tany mihitsy aza, faran'izao—izao tontolo *kosmos* izao, ilay zavatra manontolo, faran'ny fahafonganana." Tena eo tanteraka mihitsy Izy!

151 Ary ankehitriny, hitanareo, maka ny siansa izy ireo, ka manao hoe, "Oh, eny, raha mbola miangona miaraka foana isika ka mikambana amin'ny fiangonana, ary lasa an'*ity* isika, na mambra iray mahitsy tsara. Isika dia mandoa ny . . . "

152 Hitanareo, ilay izy dia—ilay izy dia tsy ny milaza hoe, "Oh, tsy misy izany karazana Andriamanitra izany." Efa nandre ny horonam-peoko ianareo teo amin'ireo kristy sandoka amin'ny andro farany. Hitanareo, tsy hoe Jesosy sandoka (Satana dia nahafantatra tsaratsara kokoa noho izany, hitanareo), fa ilay izy dia ireo kristy sandoka. *Kristy* dia midika hoe ilay "anankiray voahosotra." Ary voahosotra tokoa izy ireo, voahosotry ny (inona?) ny Fanahy Masina, mba hanao an'ireo famantarana sy fahagagana. Ary manao an'izany izy ireo.

153 Saingy, hitanareo, rehefa tonga izany ankehitriny, ao amin'ilay taona farany isika, tsy hoe ao amin'ny taona Pentekotista tany aoriana tany. Eto isika ao amin'ilay taona farany. Fa ny taona voalohany dia nanomboka tamin'ny Teny, izay Kristy. Ary ilay taona farany dia tsy maintsy miafara amin'ny Teny, izay Kristy. Saingy ireto zavatra hafa ireto, ireto akofa sy ny sisa, araky ny efa nazavaiko, dia mpitondra ny Teny fotsiny, mba hanompo ny tanjony mandra-pahatonga Azy ao amin'ny tsanganany feno, hitanareo, ny amin'izay naha-voa tany amin'ny voalohany azy.

154 Ankehitriny ny andininy faha-25.

> *Ary Adama nahalala ny vadiny indray; ary niteraka zanakalahy izy, ka niantso ny anarany hoe Seta: Fa Andriamanitra, hoy izy, dia nanome ahy voa hafa iray ho solon'i Abela, izay novonoin'i Kaina.*
>
> *Ary* ho *an'i Seta . . . Ary ho an'i Seta, ho azy koa dia nisy zanakalahy iray teraka; ary izy niantso ny anarany hoe Enosy:* ary *tamin'izany no* nanombohan'ny olona *niantso* ny *anaran'ny* TOMPO.

155 Hitanareo hoe ahoana no nidiran'ilay taranaky ny menarana tao anatin'ny siansa, fianarana, tanàna, sy mozika, ary ireo zavatra malaza, sy fianarana, ary siansa, sy ny sisa.

156 Fa ny taranak'ilay anankiray marina kosa, izay izy dia . . . Hitanareo, tsy nanana voa iray i Eva. Fantatrareo izany. Tsy manana voa iray ny vehivavy, ny vavy. Manana atody iray izy, fa tsy voa iray. Fa izy . . . no nanome azy, voa iray, hitanareo, izay nomena avy tamin'ny fanomezan'Andriamanitra, no nandraisany an'ilay voa. Ary ilay Taranaka lehibe, mazava ho azy, avy amin'ny vehivavy, dia izay nomen'Andriamanitra. Hitanareo, nanome azy voa iray Andriamanitra ho solon'ilay anankiray izay novonoin'i Kaina; io, ilay fahavalo, ny fahafatesana, ny taranaky ny menarana no namono ny taranak'Andriamanitra, tao amin'ny fanimbàna teo, hitanareo. Andriamanitra dia nanome, tamin'ny alàlan'ny vehivavy, Taranaka iray, izay Kristy, hitanareo, mba hamerina an'ilay voa tany amin'ny voalohany indray. Hitanareo ve izany? Ary noho izany dia hitanareo fa nitondra fahafatesana tamin'ny alàlan'ny fianarana sy fahalalana ilay fanimbàna, ary izay antsointsika amin'izao andro izao hoe, siansa sy fivavahana, sy ny sisa, dia nitondra fahafatesana izany. Fa izy . . . nanome azy, voa iray, ary tamin'izany no nanombohan'ny olona niantso ny Anaran'ny Tompo, ary nanomboka niverina tamin'ny Teny indray. Hitanareo?

157 Ary tsarovy, araho io taranaka io, raha hanara-dia azy isika ao anatin'ny herinandro vitsy, eo amin'io menarana io. Manaraha an'izany ianareo, mikambana mihitsy amin'ny alàlan'ny Soratra izany. Diniho izany. Ireo voaloboka anankiroa

ireo dia miara-mitombo mihitsy, araka ny nandrenesanareo ny Hafatro teo amin'ny "ilay voaloboka." Niaraka nipoitra mihitsy izy ireo, ary tena niaraka nifanakaiky ka saiky hamitaka an'ilay tena voafidy izany, raha azo atao, amin'ny andro farany rehefa tonga eo amin'ilay loha izany. Mamokatra voa iray mitovy amin'ny vary iray mihitsy izy, saingy tsy vary iray izy, hitanareo, tsy izany izy. Akofa iray izy, anefa.

158 Ankehitriny, jereo eo: fandrosoana, fianarana . . . Heveriko fa mbola manana Soratra eo amin'ny folo eo aho, hitanareo, voasoratra eto, saingy tsy mihevitra ny hitety an'izany aho. Saingy azontsika amin'ny alàlan'ity, fa ny fianarana, ny siansa ary ny fandrosoana, dia avy amin'ny devoly. Marina izany. Tsy avy amin'Andriamanitra izany. Avy amin'ny devoly izany. Ankehitriny, tsy milaza aho hoe tsy tokony hanana an'izany ianareo. Tsia, tsia tokoa. Atsy ho atsy, dia afaka aho, hanaporofo an'izany isika; hoe Andriamanitra . . .

159 Tahaka anareo manao akanjo fotsiny, ianareo vehivavy, izahay lehilahy. Tsy natao hanao akanjo isika, tany amin'ny fiandohana. Saingy, hitanareo, satria miaina ao amin'ity taona izay iainantsika ity isika, dia tsy maintsy manao akanjo, hitanareo. Nasaina nanao an'izany isika. Tsy maintsy manao azy ireny isika. Saingy tany amin'ny fiandohana, dia tsy nila nanao isika, hitanareo, satria tsy nahalala fahotana isika. Fa ankehitriny dia tsy maintsy manao isika.

160 Ankehitriny dia mila manana fiara isika. Ankehitriny dia tsy maintsy mandeha any amin'ireo toerana isika ka mamangy, sy ny sisa, amin'ny fiara sy ny siansa, sy ny sisa, saingy tsy avy amin'Andriamanitra izany. Tsy avy amin'Andriamanitra izany. Ny fianarana, fa izy ireo dia . . .

161 Ny endri-pampianaran'Andriamanitra, fandrosoana, siansa, dia ao amin'ny fepetrany tany amin'ny voalohany, hitanareo, mandeha any ankoatran'ity ataontsika ity izany.

162 Jereo ankehitriny, maka an'ireo zavatra sasany izy ireo ary mametraka zavatra sasany miaraka, ka manamboatra vokatra simika iray izay hamotika. Ankehitriny dia avelao ao amin'ny toerany marina izy ireo, dia ho mety tsara; apetraho miaraka izy ireo, dia ratsy tanteraka. Hitanareo? Hitanareo, mitondra fahafatesana izany.

163 Ary rehefa miezaka maka ny Tenin'Andriamanitra ianareo ka mametraka Azy ao amin'ny fivavahan'ity izao tontolo izao ity, dia mitondra fahafatesana ho an'ny tenanareo ianareo. Mamono an'ilay vahoaka izany. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Mamono an'ilay olona izany. Hoy ianareo hoe, "Eny, jereo ankehitriny, mino an'Andriamanitra ianao."

"Oh, ankehitriny, tsy tokony hino an'*itsy* ianao. Raha ianao—ianao—ianao . . . ny fiangonanay." Eo no ho eo, dia izany ilay doboka izay mamono an'ilay—izay mamono an'ilay vahoaka.

164 Tsy maintsy mamela ny zavatra rehetra hiala hilatsaka ianareo, ka mandray ny Teny irery ihany. Mijanòna tsara amin'ity Teny ity. Aza miala. Rehefa Andriamanitra no niteny an'izany, dia izany mihitsy ilay izy. Tsy ahoako izay azon'ny fianarana porofoina.

165 Tamin'ny andron'i Noa, dia afaka nanaporofo izy ireo fa tsy nisy rano teny amin'ny lanitra ambony teny. Saingy Andriamanitra no nilaza fa hisy sasany ho tonga hilatsaka, dia tonga izany. Marina izany.

166 Milaza izy ireo amin'izao andro izao hoe, "Tsy misy afo eny ambony eny, hilatsaka." Nefa diniho izany fa hilatsaka, indray andro any. Ah-hah. "Ahoana no hanaovantsika an'*ity* sy hanaovantsika an'*itsy*?" Diniho Andriamanitra manao an'ilay izy. Hanao Izy. Izy no nilaza fa hanao an'izany ilay izy.

167 Ary io Taranaka io dia hifahatra any ho any. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Ny zavatra tokana izay Tadiaviny, amin'izao andro izao, dia tany famafazana iray, any ho any izay Azony amafazana.

168 Hanomboka ao anatin'ny olona iray Izany, dia hanimba Azy izy ireo, ary hamafy Azy tahaka ny nataony tamin'i Eva. Nanomboka tao amin'i Eva Izany, mba hamoazany sy hamokarany an'ireo zanak'Andriamanitra, fa tsy ireo zanak'i Satana. Saingy tany famafazana iray izy, fa nilatsaka tao amin'ny toerana ratsy ilay izy. Toy izany koa no hilatsahan'ny Teny ao amin'ny tsy mpino iray, na mpisalasala iray, na mpiahiahy iray. Izany dia hanao mambran'ny fiangonana iray avy ao amin'izy ireo, fa tsy zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra iray mihitsy. Miteny amin'izy ireo ianareo mba hamela ny volony haniry; hihomehy eo amin'ny tavanareo izy ireo. Hiteny amin'izy ireo ianareo hanao an'*ity* na *itsy*, na ny lehilahy hanao an'ilay izy, hihomehy anareo eo amin'ny tavanareo izy ireo. Tsy zanak'Andriamanitra izany. Izany ilay tany famafazana ratsy, kanefa dia mihazona an'ilay Voa izy ireo. Hitanareo ve ireo voahosotra sandoka? Voahosotra izy ireo, eny, tamin'ny Fanahy Masina, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary manao famantarana sy fahagagana; saingy avy amin'i Satana ilay izy.

169 Hoy Jesosy hoe, "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany, ka hanao hoe, 'Tompo, Tompo, tsy efa nandroaka devoly ve aho, ary—ary nanao asa lehibe, asa mahery sy fahagagana tamin'Ny Anaranao?'" Hoy Izy hoe, "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka."

170 Inona ny heloka? Hoy i Davida hoe, "Raha mankasitraka heloka ato am-poko aho, dia tsy hihaino ahy Andriamanitra." Hitanareo?

171 Ny heloka dia zavatra iray izay fantatrareo fa tokony ataonareo nefa tsy hataonareo izany. Mahafantatra tsaratsara

kokoa ianareo, saingy tsy hataonareo izany. Izany no heloka, hitanareo. Fantatrareo fa tokony hijanona amin'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, nefa nohon'ny amin'ilay fiangonana, na nohon'ny amin'ny olon-kafa iray, na zavatra hafa, dia mihataka amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo ka manao an'izay lazain'ilay rafi-pandaminana. "Eny, tsy fantatro. Ny fiangonako dia milaza fa tokony ho tahaka an'*izao* no anaovanay an'ilay izy, dia tahaka an'izany no inoako azy."

172 Hitanareo, ary marina eo anatrehanareo mihitsy ilay izy fa tsy tokony hanao an'ilay izy ianareo. Izany no heloka. "Mialà Amiko, ianareo izay mpanao meloka."

173 Jereo ilay Masindahy Paoly malaza, ao amin'ny I Korintiana 13, hoy izy hoe, "Na dia miteny amin'ny fitenin'olona sy ny Anjely aza aho . . ." Ankehitriny ianareo izay maniry, na olona iray izay maniry, hiantehitra amin'izany hoe izany no porofon'ny Fanahy Masina? Hoy i Paoly hoe, "Na dia miteny amin'ny fiteny mitovy amin'ny olona sy ny Anjely aza aho, nefa tsy manampitiavana" tahaka ny anananareo rehetra eo anivonareo eto, "dia tsinontsinona aho." Hitanareo?

174 Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, eny, satria Izany no Teny. Afaka maka an'ity Teny ity ny mpitory teny iray, ka mandroso ary mitory Azy, ary milaza an'ity Teny ity, dia hitombo ity Teny ity. Fa afaka ny ho mpihatsaravelatsihy iray ilay mpitory teny, izy tenany. Izany no Teny. Hitanareo? Fa ilay olombelon'Andriamanitra marina kosa dia mandray ny tanjona rehetra, ny Teny. "Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay miloaka." Fa raha manampy zavatra hafa amin'Izany ianareo, dia mahazo voly nosimbaina iray.

175 Raha manomboka amin'ny vary iray aho eto, ka mametraka ny—tsipolitra iray miaraka aminy, ary hampifanaraka azy ireo miaraka, raha afaka ny ho toy izany ilay izy amin'ny alàlan'ilay vovom-boninkazo, ary mametraka an'izany ao, dia mahazo vary tsipolitra iray aho. Hitanareo? Mitovy amin'ny vary iray ilay izy, kanefa tsipolitra iray. Tsy ilay aina tena izy izany, tsy afaka mamokatra ny tenany indray izy. Hitanareo? Hivoaka izy, saingy tsy afaka hamokatra ny tenany.

176 Ny—ny—ny ampondra iray dia afaka ampanarahana amin'ny soavaly vavy iray, ary hamoaka ramole iray izy, fa io ramole io dia tsy afaka hiteraka ramole iray indray. Mifangaro iray izy.

177 "Aoka ny teny rehetra hamoaka ny karazany avy." Hitanareo, afaka ampanarahana indray mandeha izy. Ary ny fiangonana dia afaka ho tonga toy ny rafi-pandaminana iray, indray mandeha, saingy tsy afaka mampanaraka ny tenany indray izy; mamokatra rafi-pandaminana hafa iray izy. Ny Loterana dia tsy afaka mampanaraka amin'ny Loterana; mamokatra Metodista iray izy. Ary ny Metodista iray mamokatra Pentekotista iray. Hitanareo, tsy afaka mampanaraka indray izy, satria maty

izy. Tsy afaka manomboka fifohazana iray izy. Taiza no mba nanombohan'Andriamanitra fifohazana iray tao anatin'ny rafi-pandaminana iray? Jereo eo amin'ny tantaranareo. Tsy nanao mihitsy Izy. Ilay rafi-pandaminana no maka endrika ao ambadik'ilay fifohazana.

178 Rehefa i Luther, ilay lehilahin'Andriamanitra, no nivoaka niaraka tamin'ny hafatry ny fanamarinana, dia tonga taoriany ny fiangonana Loterana. Tsy afaka nanorina mihitsy izy ireo.

179 Avy eo dia nandefa lehilahy iray Andriamanitra tamin'ny anarana hoe John Wesley, tonga ny fifohazana iray taorian'io. Inona no nataon'izy ireo? Nandrafitra. Tsy afaka namerina ny tenany mihitsy indray izany. Hitanareo, momba ilay izy.

180 Haleloia! Fa ny Tenin'Andriamanitra dia haharitra mandrakariva! Marina izany. Hamoaka ny Karazany avy Izany.

181 Indro tonga ny Pentekotista, tsy afaka izy; jereo izay nataony, nandrafitra. Tsy afaka nampanaraka ny tenany indray izy. Afaka manana an'ireo Oral Roberts izy ireo sy ny zavatra hafa, manerana ny firenena rehetra, fa tsy afaka manao an'izany ilay izy. Hiverina avy hatrany eo amin'io fampanarahan-dramole ara-boajanahary tranainy io izany. Tsy mety izany! Tsy mampaninona na tsindrona firy no ananany, mbola izany foana ilay izy; raharaha ara-panahy firy no ananany, ary na inona na inona ananany, izany dia . . . Ianareo, ankehitriny olon-dehibe ianareo, fantatrareo izay resahako. Tsy mampaninona na vady lahy sy vady vavy firy no ananany, na mbola inona koa, ary rahavavy kely firy no haoriny eto, ary fiangonana sy rafi-pandaminana kely, tsy afaka mampanaraka fifohazana iray izany. Vita ny aminy. Nifangaro tamin'izao tontolo izao izany, avy tamin'ny Tenin'Andriamanitra, ka tsy afaka hamokatra ny tenany indray izy. Hanangana zavatra hafa anankiray Andriamanitra ka hanomboka Ny Teniny hihetsika; ary raha mandrafitra izany, dia ho faty ihany koa! Marina izany. Tsy afaka mamokatra ny tenany izany, satria mifangaro iray izy. Marina tokoa izany.

182 Jereo ny katsakareo mifangaro amin'izao andro izao, hoy izy ireo hoe, "Izao no katsaka tsara indrindra." Izany dia—izany dia mpamono iray. Izany no mamono anareo. Ny fiainanareo dia tsy natao ho . . . Tsy natao ho an'izany ny vatanareo. Ny vatanareo dia natao ho an'ilay voa tany amin'ny voalohany. Izany no antony ho an'ireo rainareo sy reninareo, sy ny sisa, ho ela velona. Izany no antony nampateza azy ireo. Ny lehilahy, fitopolo sy valopolo taona, dia natanjaka sy nateza. Hitanareo, nivelona tamin'ireo zavatra ara-boajanahary izy ireo. Diniho ireo lehilahin'ny tendrombohitra fahiny eto, nivelona tamin'ny diera sy—sy ireo voa tany amin'ny voalohany. Mametraha lehilahy iray eto, eto amin'ny tanàna; indro tonga izy, fanasam-bilia goavana iray, saiky dimy amby telopolo, efapolo taona.

Malemy? Izany tokoa! Eny, mivoaka amin'ilay lohahevitra aho, sa tsy izany?

183 Mariho, saingy miezaka aho ny hampita azy aminareo, hoe izany ny fandrosoana, izay antsointsika hoe kolontsaina. Kolontsaina, mandre betsaka ny amin'izany ianareo. Ankehitriny, efa mba nandre ve ianareo hoe inona ny fiheverako ny kolontsaina? Izany dia lehilahy iray izay tsy manana hozatra ampy hamono bitro iray akory, fa afaka mihinana eran'ny kibo amin'izany aorian'ny hamonoan'ny olon-kafa azy. Noho izany, izaho, izany no—no—no—no iheverako ny kolontsaina, hitanareo. Izany dia, marina izany, hitanareo. Isika tsy . . .

184 Andriamanitra tsy tonga amin'ny alàlan'ny . . .Ilay izy tsy *mikolokolo* olona iray ao amin'Andriamanitra. Ianareo tsy *mampandroso* azy ao amin'Andriamanitra. Izy dia teraka, voan'Andriamanitra iray, avy tamin'Andriamanitra, izay efa Andriamanitra foana, ary tsy afaka ny ho zavatra hafa afa-tsy Andriamanitra mihitsy. Tsy nikolokoloina tao amin'Izany ianareo.

185 Ankehitriny, ahoana no ahazoany ny karazan'Edenany, sy tamin'ny alàlan'ny voa simba iray! Satana aza dia nanamboatra mihitsy ny malazany, ny Edena malazany ankehitriny. Inona izany? Kolontsaina, siansa, fiangonana tsara tarehy, lakolosy avo, mpitory teny mamiratra tsara, fianarana: "DA., D., Ph.D., LL.D., Dokoteran'ny Literatiora, Dokotera momba an'Andriamanitra, ireo Dokotera!" Isaky ny manonona an'izany ianareo, dia mitondra azy fotsiny ho lavitra kokoa an'Andriamanitra izany, manipy azy avy hatrany fotsiny. Ary ireo fiangonana dia tsy mila olona iray hitsangana eo ka hampiasa an'ireo teny hoe "hit, hain't, sy tote, sy carry, ary fetch." Tsy mila an'izany izy ireo. Mila zavatra iray tsara tarehy izy ireo.

186 Izany ilay zavatra iray ihany izay nananan'i Kaina tao an-tsainy (ireo dadany, tany amin'ny fiandohana), nanolotra voninkazo sy voankazon'ilay tany, nefa Andriamanitra nila fanatitra, lehilahy iray miaraka amin'ny fanambaran'Andriamanitra: izany dia rà! Tsy poara iray, na paiso iray, na paiso mena iray, na inona na inona ilay izy, na, paiso mavo iray, araka ny lazain'izy ireo ankehitriny: ilay rà no namoaka antsika tao amin'ny sahan'i Edena, ny—ny rà nietry iray, vehivavy iray izay namela ny voan'ilay olona ratsy ho hambolena tao anatin'ny kibo ary nanomboka an'izany.

187 Ankehitriny dia mahita isika, mba hanaporofo fa ara-potoana mihitsy ny Hafatra, izay teneniko aminareo, mba hanaporofo an'izany, dia jereo ny amin'ireo andron'ny fampanarahana amin'izao andro izao, miezaka manao karazana tsara tarehy kokoa iray. Jereo ilay fampanarahana. Jereo eo amin'ny fiainan'ny voly. Teto tamin'ny fahavaratra lasa . . .

188 Ity fahavaratra ity ilay izy, izay ilay izy, nanana voninkazo dia kely iray aho (izy no naneho tamiko minitra vitsy lasa izay, tonga tao an-tsaiko ilay izy), voninkazo dia kely iray izay nananako tao amin'ilay fambolena eto, tsy maintsy nanondraka an'ilay zavatra indroa isan'andro aho, mba hihazona azy ho velona. Mifangaro iray izy. Saingy niandoha avy tamin'ny voninkazo mavo kely iray izy, izay natambatra amin'ny zavatra hafa, mba hanao azy ho io voninkazo io.

189 Ary nitsangana teo ilay zalahy kely, nefa, afaka mangady folo dian-tongotra ao amin'ny tany ianareo fa tsy afaka hahita hamandoana betsaka handrora akory aza. Hitanareo, izany dia—izany dia—niaina fotsiny tao anatin'ny vovoka izany, nefa tena tsara tarehy izy, ary tsy nila ho tondrahana. Izany ilay tany amin'ny voalohany. Tsy nifangaro izy. Tsy nisy na inona na inona nifangaro taminy, voninkazo tena izy izany.

190 Fa ity dia zavatra iray nifangaro taminy, tsy maintsy manondraka azy sy misafosafo azy, ary mandrotsirotsy azy. Hitanareo? *Ity* tsy nataonareo; tsy misy bibikely mipetraka eo aminy. Tsy maintsy mamafy azy isika, sy ny zavatra hafa rehetra, mba hihazona azy ireo; sy ireo lalitra sy lalimanga sy ny sisa, ireo zavatra tahaka an'izany. Raha tsy mamafy ianareo, dia hamono azy ireo izany.

Tsy mila mamafy ianareo, tsy hanakaiky azy ny lalimanga iray!

191 Oh, izany no tena Kristiana, tena izy iray, nateraka indray. Afaka maka fanahy azy amin'ny zavatra rehetra izay tianareo ianareo. Mbola Kristiana iray foana izy. Makà fanahy azy na aiza na aiza tianareo, mbola Kristiana iray foana izy.

192 Ramatoa kely anankiray avy amin'ny iray amin'ireo rahalahy eto, sasany avy amin'ireo olonareo, nanoratra taratasy iray ho ahy ny fiangonan'izy ireo indray andro. Hoy izy, "Tsy tian'i dada handeha ho any amin'ny baseball aho . . . na lalao basketball iray, Ranadahy Branham. Izahay dia mino . . ." Nilaza izy, fa roa ambin'ny folo taona, hoy izy, "Ranadahy Branham, izahay dia mino fa manana ny Tenin'ny Tompo ianao, ao amin'izay teneninao aminay ankehitriny." Hoy izy, "Somary mihevitra aho fa diso i dada. Saingy," hoy izy, "izay lazainao, dia hinoako." Ankehitriny, io zazavavy kely malala io, hitanareo.

193 Noho izany dia nieritreritra aho. "Eny," hoy aho, "malala, jereo fa raha Kristiana iray ianao, dia Kristiana iray ianao na aiza na aiza. Tsy mampaninona izay misy anao, mbola Kristiana iray foana ianao. Fa," hoy aho, "hitanao, eo amin'ny kianjan'ny basketball, izay heverin'i dada, dia mandre an'ireo ankizy hanompa sy hanao hadalana tahaka an'izany ianao. Mbola mino foana aho fa ho Kristiana iray ianao. Saingy, hitanao, lasa lavitra teo amin'ny fiainana noho ianao i dada. Hitanao?" Ankehitriny, hoy aho hoe, "Ankehitriny dia roa ambin'ny folo

taona ianao, ary ianao dia nilaza fa nanana rahavavy kely iray, efatra taona. Ankehitriny dia tiany hanety saribakoly taratasy ianao. 'Oh, mandehana, tsy manana fotoana hanetezana saribakoly taratasy aho.' Hitanao, lasa lavitra kokoa noho ilay rahavavy kely ianao."

194 Ankehitriny dia eo no tokony hisy ny fiangonana amin'izao andro izao, lasa lavidavitra kokoa ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy hoe Metodista, Batista, Pentekotista, Presbyterana; fa mandroso ao amin'ny Teny, mankany amin'ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Ah! Eny àry. Eny àry. Ny Hafatra izay ara-potoana, voaporofo.

195 Tamin'ny alàlan'ny siansa, tamin'ny alàlan'ny siansany sy ny fikarohany, hitanareo, dia niezaka ny hanimba ny zavatra rehetra izy ireo, manamboatra voa hafa iray, manamboatra zavatra hafa iray, manamboatra azy ho tsara tarehy kokoa.

196 Jereo ireo anabavintsika. Nahamarika aho vao teo, ny amin'ny hoe tsara tarehy toy ny ahoana izy ireo. Oh, afaka hametraka azy ireo ao amin'ny fifaninanana maneran-tany iray ianareo miaraka amin'ity an'ny Gloria Swanson ity, na ny sasany amin'ireo mpitanjaka sy ny sisa eto California, fa ho diso an'izany any amin'ny an-tapitrisany maily izy ireo. Saingy tsy eo amin'io bokin'ny laza io ny anaran'izy ireo; izany dia eo amin'ny Bokin'ny Fiainana, hitanareo. Ah-hah. "Ny fanahy malemy sy manetry tena dia harena lehibe ho an'Andriamanitra." Ary ny Baiboly no nilaza ho—ho an'ireo vehivavintsika mba "hanaingo ny tenany amin'ny fanahy malemy sy manetry tena, manaiky ny vadinareo, ary fahalemem-panahy." Izany no loka lehibe eo imason'Andriamanitra. Hitanareo? Marina izany.

197 Fa tsy ity rehetra eto ity, izany no ataon'izy ireo; izy ireo, Max Factor, nanatsara tarehy an'ireo vehivavy, ety ivelany, izay avy amin'i Satana. Io karazan-javatra rehetra io dia avy amin'ny devoly. Efa fantatrareo ve izany? Izany tokoa. Avy amin'ny devoly izany rehetra izany.

198 Ankehitriny dia tsaroako ny vadiko kely fony izy tsara tarehy sy tanora, tsy nanao lokon-tarehy izy. Tsia. Tonga izy, izaho no nanao batisa azy tamin'ny Anaran'i Jesosy, fony izy tao anatin'ny akanjo kely hatreny amin'ny lohalika tahaka an'*izao,* hitanareo. Fa ankehitriny dia miha-antitra izy, hoy izy hoe, "Tena miha-mikentrona mihitsy aho."

199 Hoy aho hoe, "Fantatrao, satria miha-antitra ianao, miha-pahina ny masoko. Tsaroako hoe toy ny ahoana ianao, ary tsaroako sy fantatro ato am-poko hoe ho inona ianao indray andro any. Hitanao? Hitanao? Hitanao, miaraka amin'ny fanahy milamina sy malemy izay anananao, dia hanambatra antsika indray Andriamanitra any ankoatra any. Izany io, amin'izay fotoana izay dia tsy hiova intsony isika amin'izay." Noho izany dia nahoana . . .

200 Fa, hitanareo, tamin'ny andron'i Noa, rehefa nahita an'ireo zanakavavin'ny olona ireo zanakalahin'Andriamanitra, izay tsara tarehy, dia nalainy ireo vehivavy ireo, ho vady. Hitanareo, nahita an'ireo zanakavavin'ny olona ireo zanakalahin'Andriamanitra, satria nampiseho vatana izy ireo ary—ary niakanjo tahaka an'izany. Izy ireo, nitsiriritra vehivavy izy ireo, ary nankany amin'izy ireo, hitanareo.

201 Mankasitraka aho fa ianareo zanakalahin'Andriamanitra dia mahita any ankoatran'izany, hitanareo, hoe ahoana fa manamboatra ny tenany ireo vehivavy. Hitanareo?

202 Fa inona izany? Tsara tarehy izy rehetra. Izany no fampanarahana iray. Alaivo ny sasany amin'izy ireo, sasao ny tarehiny, izy ireo. . . tsy ho fantatrareo izay hanananareo. Hitanareo? Ary marina izany. Angamba hatezerana ampy hiadiana amin'ny tsofa mihodina, sy—sy maloto, ary—ary haingo, sy fahalotoana, nefa mihazakazaka miaraka amin'ny lehilahy hafa.

203 Tsy ahoako na inona, ny vadiko, izaho—manaja ny fahatokiana ao amin'ny vehivavy rehetra aho. Fony aho zazalahy kely iray, nilaza foana aho hoe, "Raha te-ho mahatoky ny vehivavy mainty iray, dia halatsako ny teten-dràko farany mba hitahiry azy ho tahaka an'izany." Hitanareo, manaja an'izay mahitsy aho, ilay zavatra mahitsy. Efa niezaka niaina tamin'izany aho, teo amin'ny fiainako rehetra. Tanora aho tamin'izany, ankehitriny aho dia antitra, tsy mbola nanova ny hevitro aho na kely aza. Hitanareo?

204 Siansa, ao amin'ilay modely iray ihany izay nataon'i Eva, no nataony tamin'ny fiangonana, namadika azy. Manatanteraka ny drafiny izy amin'izao andro izao, amin'ny alàlan'ny fiangonany mifangaro, ny Edenany moderina izay ananantsika amin'izao andro izao. Miaina ao anatin'ny Edena siantifika iray isika, Edenan'i Satana, Edena siantifika iray.

205 Raha te-hiverina amin'izany ianareo, ao amin'ny Isaia 14:12. Ho tononiko aminareo izany, raha tianareo ny, raha tianareo, 12 sy 14.

> . . .Hoy i Satana tao amin'ny tenany manokana, *Izaho dia hanandratra ny tenako any ambonin'ilay* Avo indrindra.
>
> Hanana fanjakana iray izy, ka hanompo azy mihitsy aza ireo zanak'Andriamanitra.

206 Ary izany marina tokoa no nataony. Nataony tamin'ny alàlan'ny fiangonana izany, fivavahana, tahaka ny nanombohany tany amin'ny fiandohana, fivavahana. Nataony izany.

207 Araka ny hitan'i Paoly mpaminany ihany koa, ao amin'ny II Tesaloniana ny toko faha-2, hoe izy—izy dia miafara ao

amin'ny E-. . . ny, ilay Edena siantifika malaza ao amin'ity andro ity, ao amin'ny siantifika, ao amin'ny fianarana sy fandrosoana. Ary nanamboatra, ho an'ny tenany, ka farany dia hiafara ao amin'ny fiombonambe ekiomenika, izay tsy maintsy hiankohofan'ny fiangonana rehetra aminy. Ary hitanareo ve hoe inona izany? Izany no fanahin'ny fahadisoana izay miasa eo anivon'ny olona; ireo zanakalahin'Andriamanitra, izay natao araka ny endrik'Andriamanitra; sy ireo zanakavavin'ny olona, izay natao araka ny endriky ny olona; naka azy ireo teo ambanin'ny fisandohana, tahaka ny nanaovany an'i Eva. Ary nanamboatra, ho an'ny tenany, tamin'ny alàlan'ny fitaky ny siansany manokana sy fianarana ary kolontsaina, mandrapahazoany ho an'ny tenany anankiray moderina, siantifika, Edenam-pahafatesana.

208 Nefa, Andriamanitra, tamin'ny alàlan'Ny Teniny, dia niteny, ary nanana Edena iray tsy misy fahafatesana Izy; tsy misy siansa, tsy misy fianarana tahaka ny ananantsika amin'izao andro izao, na tsy nisy fandrosoana.

209 Hitanareo ve ilay izy ankehitriny, azonareo ve ilay izy? Hitanareo, manana ny Edenany izy ankehitriny. Jereo, fa manompo azy ireo fiangonana rehetra. Izany no nametraka . . . Tesaloniana Faharoa eto, Izy no nilaza.

> . . . io lehilahy io izay miantso ny tenany ho Andriamanitra, mipetraka *ao amin'ny tempolin'Andriamanitra,* . . .
>
> *Ary ny rehetra . . . eo ambonin'ny tany dia* hiankohoka sy *hanompo azy, dia ireo izay manana ny anarany tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainan'*ny Zanak'ondry . . . talohan'*ny fanorenana ny* tany.

210 Hitanareo, Edena moderina iray izany. Ankehitriny dia inona no ataony, izy tenany? Manetsika ny tenany izy, Roma, ilay sakafony lehibe farany, toeran'i Edena.

211 Hitanareo ve izay nahatongavan'io papa io teto indray andro? Efa voamarikareo ve ireo telo ambin'ny folony rehetra izay nitranga tamin'izany? Niteny teny telo ambin'ny folo izy, nandray kôminio telo ambin'ny folo, niteny tao amin'ny Yankee Stadium, izay telo ambin'ny folo. Ny zavatra rehetra dia telo ambin'ny folo.

212 Ary ny isan'ny firenentsika dia telo ambin'ny folo, miseho ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy; tsipika telo ambin'ny folo, kintana telo ambin'ny folo, tsivalana telo ambin'ny folo, isa telo ambin'ny folo eo amin'ny vola madinika, kintana telo ambin'ny folo eo amin'ny vola madinika, ny zavatra rehetra dia telo ambin'ny folo, ary vehivavy iray.

213 Indro tonga ilay papa, ilay loha, mankeo amin'ilay vehivavy; ilay antikristy sandoka mankeo amin'ilay ampakarina sandoka, an'ny siansa. Fa, ny tanintsika, ny tanintsika Amerikana

tatsinanana eto, na ny Tany Tandrefana, no nitarika an'izao tontolo izao, tao amin'ny siansa. Nanatona azy, tao amin'ny fiangonana siantifikany, ary ankehitriny dia miankohoka aminy ny Protestanta rehetra, hitanareo, eo amin'ny telo ambin'ny folo. Hitanareo ve ilay izy? Ny zavatra rehetra dia ao amin'ny telo ambin'ny folo iray. Ny firenentsika manontolo, ny zavatra hafa rehetra, dia telo ambin'ny folo, tontolon'ny vehivavy iray. Hitanareo, eto isika izao, ananantsika izany. Nivadika ho tontolom-behivavy iray izany tao amin'ny sahan'i Edena, saingy ho tontolon'Andriamanitra izany indray andro any. Mariho ankehitriny.

Ankehitriny, ihany koa, ireto mpaminany sy ny sisa ireto dia efa nilaza mialoha an'izany.

214 Ary ankehitriny ny rehetra dia lasa tahaka azy talohan'ny nifindran'Andriamanitra teto ambonin'ny tany indray, lasa korontana ara-panahy iray izany. Marina tokoa, izany ilay izy.

215 Mariho eto fa ilay Edena faharoa dia tandindona akaikin'ilay voalohany, mba hamitaka, saiky haka an'ilay Voafidy. Mariho ankehitriny, izany. Hampitaha aho eto, minitra vitsy fotsiny. Ankehitriny dia tsy maintsy hijanona aho, satria amin'ny iraika ambin'ny folo izao, ary noho izany dia henoy. Ireto Edena roa ireto, toy ny ahoana no niezahan'ity Edena ity hitovy, tahaka ny nataon'i Satana mihitsy tany amin'ny fiandohana, tamin'i Eva tao amin'ilay tena Edena, tamin'ny Edena voalohany. Diniho fotsiny izy ireo, vita tandindona niaraka ankehitriny. Hitanareo, manana an'izany isika, ankehitriny ny olona rehetra dia mahazo mazava tsara, ny Edena siantifika iray izay iainantsika. Hitanareo? Ankehitriny, tsy Edenan'Andriamanitra izany.

216 Ny Edenan'Andriamanitra dia tsy avy amin'ny siansa, fianarana, kolontsaina. Izany dia avy amin'ny Teny, hitanareo, miantso an'ireo zavatra rehetra ireo ho toy ny tsy nisy. Ary mariho, ao amin'ny sahan'i Edena . . . Ndao fotsiny isika hampitaha kely azy ireo. Mariho ankehitriny.

217 Ilay lehilahy sy ny vadiny (lohan'ilay . . . tao amin'ny sahan'i Edena), nitanjaka ilay mpivady nefa tsy nahafantatra an'izany. Marina ve izany? Tao amin'ny Edenan'Andriamanitra, dia nitanjaka ilay mpivady nefa tsy nahafantatra an'izany.

218 Ankehitriny dia mitanjaka indray izy ireo nefa tsy mahafantatra an'izany, Apokalypsy 3, ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikiana.

> *Satria ianao* . . . dia mitanjaka, mahantra, malahelo, ory, jamba, nefa tsy fantatrao izany.

219 Ankehitriny, tao amin'i Edenan'Andriamanitra, dia nitanjaka izy ireo nefa tsy fantany izany. Ary ankehitriny ao amin'ny Edenan'i Satana, na amin'ny alàlan'ny siansa sy ny

fianarana izany, dia mitanjaka indray izy ireo nefa tsy fantany izany. Fanimbàna iray toy ny inona!

220 Jereo amin'izao andro izao. Jereo ny lehilahy, miezaka manao ny atin'akanjon'ny vadiny; ary izy miezaka manao ny akanjony. Ary izy mamela ny volony haniry tahaka ny azy; fa izy manapaka ny azy ho toy ny azy. Oh, oh, oh, oadray! Ny lehilahy miezaka ny ho vehivavy, ny vehivavy miezaka ny ho lehilahy, fanimbàna iray!

221 Izany ilay zavatra iray ihany izay ataon'ny fiangonana, zavatra iray ihany, ilay Taona Laodikiana. Mariho.

222 Ny antony tsy nahafantaran'izy ireo fa nitanjaka izy ireo, tany amin'ny fiandohana, dia nisy Fanahy Masina iray teo nanarona azy ireo tamin'ny fitanjahana. Tsy nahafantatra an'izany izy ireo. Teo amin'ny mason'izy ireo ny Fanahy Masina, tsy nahita afa-tsy ny rahalahiny sy ny anabaviny izy ireo, hitanareo. Ireo lalàna, tsy fantatr'izy ireo fa hoe nitanjaka izy ireo. Fanahy Masina!

223 Ankehitriny ny fanahin'ny tsi-fahamasinana, tsy fahadiovana sy fitsiririritana, no nanarona azy ireo; fianarana, siansa, "Nahoana, siantifika ilay izy. Manao sorta, mangatsiatsiaka kokoa izany." Mampianatra anareo tsaratsara kokoa noho izany ireo Indiana. Mirakotra bodofotsy iray izy ireo, mba hahazo rivotra mangatsiatsiaka, hitanareo, ary manao azy ireny. Hitanareo, ny fianarana no namerina tanteraka tokoa ho amin'ny fotoana iray, ilay tena zavatra izay noheverin'izy ireo mihitsy hoe nitondra azy ireo nankany amin'ny kolontsaina sy fandrosoana, no namerina azy ireo tany amin'ny tsy fahalalana indray, ratsy lavitra noho izay nisy azy ireo tany amin'ny voalohany.

224 Mampianatra, fianarana, jereo ireo sekoly! Jereo eo amin'ny oniversite, indray hariva, ireo zazalahy ireo! Zazakely firy no teraka tamin'ny alàlan'ireo ramatoa tanora any ireo, ho an'ireo ramatoa tanora isan-taona ao amin'ny oniversite! Eritrereto! Hoy ianareo hoe, "Zaoridira eny an-dàlambe io." Ary ireo zazalahy, ireo "vatosoa iraika amby roapolo," no iantsoan'izy ireo azy ireny, miaraka amin'ny lokomena, sy—sy volo miolankolana, sy mihodina eo amin'ny fanodinam-bolo ary mihantona midina eo. Izy ireo no milaza an'izany. Ary maloto tenda, fahalotoana! Hoy ianareo hoe, "Eny, ilay voaroaka eny an-dàlambe fotsiny izany." Izany ve? Ireo mpianatry ny oniversite izany.

225 Nandeha teo amin'ny fisotroana goavana izy ireo, indray hariva. Ary tsy fantatr'izy ireo izay hatao, ary koa, mba hihomehezana. Ary fisotroana sy fijangajangana, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany, tsy ampy azy ireo izany. Novakian'izy ireo ny tavoahangy, dia nihazakazaka teo amin'ny varavaran'ireo vehivavy, ary nandondòna teo amin'ilay

varavarana; tonga izy ireo, namely totohondry azy ireo teo amin'ny tavany. Nanala tanteraka ny mason'ny zazavavy iray, ary maro tamin'izy ireo no simba tarehy mandrakizay. Mihevitra ve ianareo fa hamela azy ireo hijanona izany? Tsia.

226 Nandeha nandroso sy niverina teo an-dàlambe ny roa tamin'ireo zazalahiny, ary vehivavy manambady roa no nipetraka teo—teo amin'ny sisin'arabe, ka nompainy ireo vehivavy. Tonga ny polisy naka azy ireo ary nametraka azy ireo tany am-ponja. Tonga tany ilay filohan'ny sekoly. Ary ny zavatra manontolo dia miroborobo ao amin'io oniversite io, izany ihany no asa tokana ananan'izy ireo ao. Hoy izy, "Zanako izy ireo. Avotsory izy ireo." Navotsony izy ireo.

227 Eo ianareo izao; ny fandrosoana, ny fianarana, dia mitarika mankany amin'ny fahafatesana sy korontana, ary helo. Aza mihaino an'izany karazan-javatra izany ianareo. Mariho ankehitriny.

228 Tsy maintsy nanao topi-maso kely iray fotsiny Eva, mba hahitana hoe toy ny inona ilay izao tontolo izao. Fantatrareo, matetika dia hoe, "Tokony hanao kely an'*ity* fotsiny isika." Na, fantatrareo izay tiako lazaina, tokony hanao topi-maso kely iray fotsiny, mba hahitana. Ankehitriny ao amin'ny Masindahy Jaona na . . .

229 Jaona Voalohany 2:15, hoy Andriamanitra hoe, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo na dia ny fitiavana an'izao tontolo izao aza, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Maty ireo zavatra eo ireo. Voafora ianareo, nesorina niala tamin'izany. Tsy mila an'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo, maty amin'izany ianareo. Maty izy ireo. Tsy mila ny zavatra rehetra maty ianareo. Lò izany. Maimbo izany. Ahoana no ahafahan'ny zavatra velona iray hila zavatra iray izay maloto tahaka an'izany? Hitanareo, velona ao amin'i Kristy ianareo. Ny Teny no manao anareo ho velona.

230 Oadray, rehefa mieritreritra an'izany aho amin'izao andro izay iainantsika izao, antsoina hoe fianarana! Tsy afaka mankeo amin'ny polipitra akory aza ianareo raha tsy manana Diplaoman'ny Dokotera iray, sy ny sisa.

231 Mampahatsiahy ahy ny amin'ny pretra iray izany, indray mandeha, izay nivoaka avy tao amin'ny tafika. Hoy izy—hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," (Taorian'ny Ady Lehibe Voalohany mihitsy izany.) hoy izy, hoy ilay pretra hoe, "nandalo ny serizà ka nanao hoe, 'Pretra, te-handeha any amin'ny vava-ady hiaraka amiko ve ianao, any amin'ny Argonne,'" avy any La Salle, Lorraine, France, fantatrareo. Dia hoy izy, "Nandeha nankany amin'ny Argonne Forest aho." Dia hoy izy, "Naka ny isan'ireo fiara mifono vy marobe izay efa nipoaka izy."

232 Dia hoy izy, "Marainan'ny Paska tamin'izay." Hoy izy, "Nandalo fotsiny aho . . . Nandeha niaraka tamin'ny

mpampivelona iray aho, ary izy dia nanome ho an'ireo zazalahy naratra, raozy Amerikana iray, fantatrareo, anankiray izay nahazatra Amerikana iray. Norambasan'ireo zazalahy ireo io raozy io, dia niantsoantso sy nitomany fotsiny, satria fantatr'izy ireo fa avy any an-trano ilay izy." Hitanareo, avy tany an-trano ilay izy.

233 Ary tahaka an'izany no heveriko fa anaovantsika ny Teny, hitanareo, mandramby Azy hoe, "O Andriamanitra!" Avy any an-Trano Izany, hitanareo.

234 Hoy izy, "Nahatsapa *fitraorana* mihitsy aho tato ampoko . . ." Hoy izy hoe, "Nandeha tany aho ka nilaza . . . Ary ilay—nivoaka ilay kapiteny mba haka ny isa hoe firy ireo fiara mifono vy izay efa potika, sy ireo zavatra tahaka an'izany." Hoy izy, "Hoy ny Fanahy Masina hoe, 'Mandehana manketsy amin'itsy vatolampy kely itsy.'" Dia nijery manodidina izy. Hoy izy, "Natsipin'izy ireo io entona motarda sy chlorine io ka," hoy izy, "nandoro fotsiny an'ireo ravin-kazo rehetra teo amin'ireo hazo. Tsy nisy zavatra velona iray tavela teo, ary Paska tamin'izay teo!" Hoy izy hoe, "Paska iray toy ny inona! Paska iray toy ny inona, nefa tsy misy ahitra akory aza eo amin'ny tany, tsy misy na inona na inona!" Ary nilaza izy fa nisy Zavatra iray nanintona azy ho eo amin'ny vatolampy iray. Nazerany ilay vatolampy, hoy izy, "Nisy voninkazo kelin'ny Paska iray tao ambanin'io, voatahiry tao ambanin'ilay vatolampy, nandritr'ilay poizin'ny entona rehetra." Dia hoy izy, "Nieritreritra aho hoe, 'O Andriamanitra, tehirizo ao ambanin'ireo Vatolampin'ny Taona aho, mandra-pahalasan'io poizina io, ka avelao aho hamony ao amin'ilay Tany any ankoatra any.'"

235 Afaka mijanona eto mihitsy isika, raha sitrakareo, satria aho—manana betsaka aho eto, tsy ho tonga eo amin'izany mihitsy aho, na ahoana na ahoana, hitanareo, amin'ireo zavatra. Noho izany dia afaka hiverina indray aho angamba ka hitondra azy ho anareo.

236 Oh, vao avy nitory mihitsy aho indray andro hoe, "*Ny Fanatatavanan'ny Lehilahy Misaina Iray*," efa namaky an'Izany ianareo rehetra, hitanareo, "mamokatra tsiron'ny lehilahy masina iray." Eritrereto, rahalahy. Na inona na inona ataonareo, dia eritrereto! Efesiana 5:26, no nilaza ato.

237 Ary isika dia niresaka, niresaka ny amin'ny teny hoe *voafidy mialoha,* hitanareo, manafintohina ny maro amin'izy ireo izany. Tenin'Andriamanitra izany. Izy, Izy no mampiasa an'izany hoe, "fa voafidy mialoha tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra isika." Ary izany, ao amin'izany isika . . . Rehefa voafidy mialoha ianareo, nahoana, dia tsy maintsy mitranga izany, satria izany ilay izy. Andriamanitra, Andriamanitra no nifidy anareo satria Fantany hatrany amin'ny voalohany izay hataonareo.

238 Ary aza mamela ny devoly hamafy anareo amin'ny fianarana sy poizina, ary ny karazan-javatra tahaka an'izany hoe, "Tokony ho moderina ianareo. Tokony ho *ity* ianareo." Tsy mila afatsy ny ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo. Ary raha nateraky ny Teny ianareo, dia izay ianareo. Mariho io famafazana io. Raha maka voa iray ianareo, voa tsara iray, ka fafazanareo izy, izany dia—hamono azy izany. Ary rehefa mamafy an'io karazan-javatra ara-anaram-piangonana io eo antamponareo izy ireo, dia hanimba ny fitaoman'ilay Teny tany amin'ny voalohany izany. Raha miteny aminareo izy ireo hoe, "Tokony hanao an'*ity* ianareo. Nahoana, ireo zazavavy hafa dia manao an'ilay izy. Ireo lehilahy hafa dia manao an'ilay izy." Aza mino an'izany ianareo. Hanimba ny fitaoman'Andriamanitra amin'Ny Teniny eo amboninareo izany. Fantatrareo izany.

239 Ny lahatenintsika dia manao hoe, "Aza manahaka," voafafy, "fa miovà," ilay voa izay ao anatinareo.

240 Ny olon'izao andro izao dia mihetsika toy ny hoe tsy mino akory aza izy ireo fa misy Andriamanitra iray. Efa fantatrareo ve izany? Mihetsika tahaka an'izany izy ireo. Ankehitriny, tsy tehiantso azy ireo hoe adala aho, saingy mihetsika tahaka an'izany izy ireo. Satria, Salamo 14:1 dia milaza hoe, "Ny adala dia nilaza tao am-pony hoe, Tsy misy Andriamanitra." Tsy tokony hiantso olona anankiray hoe adala iray ianareo. Saingy mihetsika tokoa toy ny adala izy ireo, satria izy ireo dia tsy . . . Izy ireo dia mihetsika toy ny hoe tsy misy Andriamanitra. Tsy raharahiana fotsiny ity Teny ity.

241 Jereo, teto indray andro, niantso ahy hankao amin'ny efitra izy ireo mba hijery . . . Billy Paul, mino aho, na ny iray amin'izy ireo, dia nilaza fa nisy ny—fandaharana ara-pivavahana iray tao amin'ny televiziona.

242 Tsy manana televiziona izahay. Tsy hisy anankiray mihitsy ao an-tranoko, mihitsy. Fa nisy ny . . . Raha mila azy ireny ianareo, dia miankina aminareo izany. Saingy Andriamanitra no niteny tamiko tsy hanao an'izany.

243 Ary rehefa nifindra tany izahay, nanofa trano avy tamin'io anabavy malala antitra io aho tany, nanana televiziona iray izy satria tsy maintsy nanana an'izany izy ireo mba hampanofana ny tranony. Dia navelako hijery fandaharana ara-pivavahana iray izy ireo, noho izany izy ireo—niantso izy ireo ka nilaza fa nisy fihirana ara-Pilazantsara iray nandeha.

244 Ary miresaka ny amin'ny andiana Rickys iray ve ianareo, nihetsika tahaka ny nataon'izy ireo tany, miantso ny tenany hoe mpihira ara-Pilazantsara! Fanalam-baraka iray an'i Jesosy Kristy izany, ny mahita ny fomba izay nataon'izy ireo, manetsiketsika ny tenany, ary—ary ireo volo tapaka araka andRicky sy ny sisa, fantatrareo. Izao fotsiny, ilay izy fotsiny—

ilay izy fotsiny dia tahaka—ilay izy fotsiny dia tahaka ny hoe fanesoana iray!

245 Olona iray tahaka an'izany i Kaina, mpivavaka tokoa, izany tokoa. Saingy nanana an'ilay voa ratsy tao anatiny izy, hitanareo, ary noho izany dia namokatra an'ilay taranaky ny menarana izany. Nihisitrisitra teo amin'io voan'i Edena io i Satana, ary izany no namokatra Kaina iray. Napetrany teo ambonin'izany ny poiziny.

246 Izy, Kaina, dia nahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka. Fantany ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka. Fantatr'i Kaina izany. Nahoana? Saingy, nandà ny hanao an'izany izy, noporofoiny tamin'izay fotoana izay ny maha-taranaky ny menarana. Rehefa hitany ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, dia nolaviny izany. Nahita an'Andriamanitra nanamarina ny hafatr'i Abela izy. Fantany fa izany no sitrapon'Andriamanitra tanteraka. Hitanareo? Nahita an'Andriamanitra nanamarina ny hafatr'i Abela izy. Ary inona no nolazain'Andriamanitra taminy? Ary Izy fotsiny, hoy Izy hoe, "Manaova tahaka an'izany, manaova fanompoana tahaka ny rahalahinao, dia—dia hanao tsara ianao." Saingy hitanareo, nahita ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka izy, saingy tsy tiany ny nanao an'izany. Hitanareo, te-hanampy zavatra iray tamin'izany izy.

247 Ary ireo teolojiana ireo dia mahita an'ity Baiboly ity, mamaky an'Izany izy ireo, saingy tsy te-hanao an'Izany. Hitanareo? Izany no maneho an'ilay taranaky ny menarana. Efa nahita an'Izany voamarina izy ireo, ary tena tsotra teo anatrehan'ny olona, saingy toy ny hoe sarotra ho an'ny olona ny hanetry ny tenany eo amin'ny Tenin'Andriamanitra.

248 Tsy mahita ve ianareo rehetra, fa rehefa miresaka ianareo, ianareo vehivavy, amin'ireo zazavavy, mikasika ny fitondrana volo lava, ka hoy izy ireo hoe, "Nahoana ianareo no manao ny volonareo ho lava?" Hitanareo? "Nahoana ianareo no manao ny ziponareo, lava?" Mandehana ianareo miresaka amin'izy ireo, somary mampiakatra soroka aminareo izy. Tsy marina ve izany? Hitanareo, fantatr'izy ireo fa marina izany, raha misy—raha misy ramatoa iray ao amin'izy ireo. Hitanareo? Fantatr'izy ireo fa marina izany. Saingy, hitanareo, tsy afaka manetry ny tenany eo amin'Ity izy ireo. Hitanareo, izany ilay izy.

249 Hitanareo ve hoe ahoana no nataon'i Kaina? Tsy afaka nanetry ny tenany teo amin'ny Tenin'Andriamanitra voamarina izy. Tsy afaka nanao an'izany izy.

250 Oh, na dia ny Pentekotista aza dia manao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Haleloia! Manapaka ny voloko aho, nefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra!" Hah! Izany no maneho eo mihitsy fa misy zavatra tsy mety ao, hitanareo, mamokatra zavatra hafa ilay voa.

251 Tsy afaka ny Voa iray. Ny Voan'Andriamanitra dia tsy afaka mamokatra vehivavy mitapa-bolo iray. Tsy afaka manao an'izany Izy. Tsy afaka manao an'izany fotsiny, satria ny Baiboly no niteny an'izany. Hitanareo, tsy afaka manao an'izany Izy. Tsia, tompoko.

Ankehitriny dia toy ny hoe sarotra ny manetry tena eo amin'ny Tenin'Andriamanitra.

252 Mariho izany ao amin'ny Genesisy 4:6 sy 7, mamaky Soratra sasantsasany fotsiny eto. "Manaova tahaka ny nataon'i Abela." Hoy Izy hoe, "Raha ianao—hitanao izay nataon'ny rahalahinao . . ." Hoy Izy, "Mandehana dia ataovy izay nataon'i Abela, ataovy ilay karazan'asa iray ihany izay nataony, dia—dia hitahy anao Aho. Raha tsy manao ianao, dia mifitsaka eo am-baravarana ny fahotana." Ankehitriny, *fahotana* dia "tsi-finoana." "Raha tsy manao tahaka ny nataon'i Abela ianao! Efa hitanao fa nanamarina azy Aho, ary nanao azy ho marina. Ankehitriny raha tsy manao an'izany ianao, amin'izay fotoana izay dia izany no maneho fa—fa ny fahotana, tsi-finoana, dia mifitsaka eo amin'ny varavarana." Hitanareo?

253 Ary amin'izao andro izao dia mahita an'izay amarinin'Andriamanitra izy ireo. Hitan'izy ireo izay ataon'Andriamanitra. Ireo zavatra rehetra ireo dia hitan'izy ireo fa mitranga. Fantatr'izy ireo ny mikasika an'izany. Maneho an'ireo Famantarany eny amin'ny lanitra ambony sy eto an-tany ambany Andriamanitra, sy ireo zavatra rehetra tahaka an'izany ireo, ary hitan'izy ireo izay miseho. Saingy tsy hanao an'izany izy ireo. Hitanareo, Satana, taranaky ny menarana; lalin-tsaina, nivoaka avy tao amin'ireo seminera, nampianarina hatrany amin'ny teboka, ny teny rehetra, ny zavatra tsirairay rehetra, mitsangana eo amin'ny polipitra tena marina mihitsy, ary ny teny rehetra tsy maintsy ho marina tanteraka, tsy maintsy marina ny gramera, ary ny zavatra rehetra marina. Hitanareo? Azo antoka, tsy afaka manetry ny tenany ho ambany izy ireo, ny zalahy iray tahaka an'izany. Hitanareo, tsy afaka manao an'izany fotsiny izy ireo. Tsy manao izy ireo. Tsy afaka manao an'izany fotsiny izy ireo.

254 Ankehitriny, "Raha tsy izany, dia mifitsaka eo am-baravarana ny fahotana; mifitsaka ny tsi-finoana," amin'izay fotoana izay dia lasa minia tsi-mpankatò izy. "Ary raha mahafantatra ny hanao ny tsara ianareo, nefa tsy manao an'ilay izy, dia fahotana ho anareo izany," raha fantatrareo izay marina nefa tsy ataonareo izany. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay dia lasa minia tsi-mpankatò izy rehefa avy nohamarinina ny Teny, tamin'izay fotoana izay dia efa nandingana an'ilay tsipika mampisaraka izy, tamin'izay fotoana izay dia voaroaka avy tao Edena izy rehefa niampita. Misy tsipika iray hatreo amin'izay farany azonareo aleha mihitsy, ka, raha handeha lavidavitra mankany amin'ilay ilany hafa ianareo, dia any ivelany ianareo.

Fantatrareo izany, sa tsy izany? Misy tsipika iray eo. Raha tsy mino an'izany ianareo, dia vakio ny Hebreo 10:26. Izany no Soratra izay nanankinako teo, hitanareo.

> *Fa raha minia manota isika rehefa avy . . . nahazo ny fahalalana ny fahamarinana isika, dia tsy misy fanatitra tavela intsony ho an'ny* fahotana,

255 Izany ny Testamenta Vaovao. Marina ve izany? "Raha minia manota isika rehefa avy nahazo ny Fahalalana izay efa notoriana taminareo, novakiana taminareo, noporofoina taminareo; rehefa avy nahita ny fahalalana ny Fahamarinana isika, ka mandroso ianareo ary tsy mino, minia, dia tsy misy fanatitra ho an'ny fahotana intsony."

> *Fa ny . . . fiandrasana mahatahotra . . .* ho amin'ny *fahatezerana mirehitra,* izay *handany ny* fahavalo.

256 Marina ve izany? Afaka mandingana an'io tsipika io ianareo. Tahaka ny nataon'ireo zanak'Isiraely tao amin'ny diany, nandalo tao amin'ny an-efitra, nanao an'ilay zavatra iray ihany ny Isiraely. Rehefa avy nandre ny hafatr'i Mosesy izy ireo ka nahita an'izany voamarina; nihaino mpaminany sandoka iray izay nanao hoe, "Oh, jereo ankehitriny, rankizy, iray ihany isika rehetra. Tokony hifanambady isika, ary tokony hanao an'*ity*." Fa hafa no notenenin'i Mosesy tamin'izy ireo, ary nahita an'Andriamanitra nanamarina an'izany. Satria, toy ny hoe lehilahy iray nampianarina kokoa noho i Mosesy i Balama, hitanareo. Avy tamin'ny firenena iray malaza izy izay nisy vahoaka malaza, ary voarafitra niaraka izy rehetra, ilay tanin'i Moaba, tafika lehibe, ary zavatra lehibe izay natahoran'ireo vahoaka tamin'izany andro izany. Ary indro tonga ny mpaminany iray, mpaminany iray, anankiray voahosotra, anankiray sandoka voahosotra, hitanareo, tonga teo amin'ny anankiray voahosotra (jereo hoe mifanakaiky toy ny ahoana), ka nampianatra ny vahoaka, ary maro tamin'izy ireo no nanaraka an'izany. Aza adinoinareo mihitsy izany. Hitanareo, nandeha nanaraka an'ilay zavatra izay tsy ny Teny, ilay Teny voaporofo voamarina!

257 Aza mamela olona iray hiditra eto ka hiteny zavatra hafa aminareo. Diniho izay amarinina sy porofoin'Andriamanitra.

258 Ankehitriny raha nitodika ireo vahoaka ireo, ka nanao hoe, "Mosesy! Niseho teny amin'ny lanitra Andriamanitra. Ary ilay lehilahy dia niteny ho an'ny fisiana, an'ireo parasy, lalitra, sahona; nanala teo amin'ny fisiana, an'ireo vay sy aretina. Nanokatra ny Ranomasina Mena, ka tonga izahay . . . Ary namoky anay tamin'ny mana avy tany an-danitra. Oh, izany no mpaminaninay!"

259 Saingy indro tonga ny mpaminany hafa iray, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Izaho dia mpaminany iray, ihany koa." Hoy izy, "Ankehitriny, ianareo rehetra, hiteny aminareo

aho. Ankehitriny, ankehitriny dia mahazo ianareo, mampiasa gramera tsaratsara kokoa noho i Mosesy aho. Ary izaho dia tahaka an'*ity* sy tahaka an'*itsy*, hitanareo," sy ny sisa.

260 Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, latsaka tamin'izany izy ireo. Ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia levona tany an-efitra mihitsy. Tsy nisy anankiray tamin'izy ireo mba velona. Tsy velona mihitsy izy ireo. Tsy ho any An-danitra izy ireo, tsy ny anankiray amin'izy ireo. Jesosy no nilaza.

261 Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra!" Hitanareo, Pentekotista, marina izany, hitanareo, efa nandalo marina tokoa teo amin'ireo fahatsapana rehetra izy ireo. Izy ireo, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra!"

262 Hoy Izy hoe, "Fa izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." *Fahafatesana* dia "fisarahana Mandrakizay." Tsy hitsangana intsony indray izy ireo, na dia efa nandalo an'ireo fahatsapana rehetra ireo aza. Oha-pitenenana, dia efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, sy nandihy tao amin'ny Fanahy, ary ny zavatra rehetra.

263 Fa rehefa tonga teo amin'ny fifanatrehana eo anelanelan'ny Teny anelanelan'ireo mpaminany roa ilay izy, ny iray tamin'izy ireo dia teo amin'ny Teny, fa ilay iray hafa ivelan'ny Teny; izy roa dia samy, mpaminany. Azonareo ve? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny iray teo amin'ny Teny, ary ilay iray hafa ivelan'ny Teny; izy roa dia samy, mpaminany, voaporofo ho mpaminany. Saingy ny iray dia niaraka tamin'ny Teny, hitanareo. Ireo voahosotra sandoka amin'ny andro farany, hitanareo. Ny iray . . . Mpaminany, izy roa dia samy, mpaminany; ny iray teo amin'ny Teny ary iray (iray) voamarin'ny Teny, fa ilay iray hafa tsy voamarin'ny Teny. Kaina sy Abela, indray. Hitanareo ve ireo roa, sandoka—sandoka sy marina? Eny àry.

264 Fa ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia lò tany an-efitra, ary levona. Maty ny fanahin'izy ireo, ary vita. Ary teo amin'ny làlan'andraikitra mihitsy izy ireo, nandeha tany am-piangonana sy ireo tena zavatra izay nandidian'Andriamanitra azy ireo mba hatao, saingy nanaiky mpampianatra sandoka iray, izay tsy voamarin'ny Teny, mba ho voaporofo fa marina. Kanefa, Dokoteran'ny momba an'Andriamanitra izy, ary na mbola inona koa no tianareo iantsoana ny amin'ny tena mpaminany iray, saingy tsy voaporofo ara-panahy tamin'ny alàlan'ny Teny sy tamin'ny alàlan'ireo famantaran'Andriamanitra izy. Ary levona tany an-efitra izy ireo; vahoaka marina, mendri-kaja, mpivavaka, maty, nefa tsy ho any An-danitra mihitsy.

265 Hitanareo ve hoe aiza no tokony handehanantsika? Azonareo ve? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Aza avela hitsofoka izany.

266 Mitovy amin'izany tamin'ny fotoana namoahan'ny Teny-voan'i Noa fanovam-pitsingevanana iray avy eto an-tany ka hatrany an-danitra. Toy ny hoe adala ho an'ny vahoaka izany, ny manana fombam-pivavahana kely iray tahaka ny nananan'i Noa. Ary niteny tamin'izy ireo izy, nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Niteny Andriamanitra, dia ho tonga ny ranonorana."

267 Ny siansa, sy ilay nianatra ary mpivavaka tamin'izany andro izany, dia nanao hoe, "Jereo io mpisandoka antitra io. Miha-antitra izy, miha-mikorisa ny sainy."

268 Hitanareo, saingy marina izy, satria mpaminany iray voamarina izy. Ary avy eo, tamin'ny fotoana farany, dia tena voamarina marina tokoa ny hafany. Inona no nataony? Novainy avy teto an-tany nankany amin'ny Voninahitra, tamin'ny alàlan'ny sambofiara iray, ny Teny izay notoriany. Niova izany.

269 Ilay famafazana siantifika dia nanao ny sisa tamin'izy ireo ho lò tao amin'ny fitsarana. Lò teo ambonin'ireo ranon'ny fitsarana izy ireo, an'ilay tondra-drano.

270 Inona no ezahan'ny olona atao amin'izao andro izao, ao amin'ity taona siantifika malaza an'ny fianarana ity, ilay fiangonana Edena, naverina ho amin'ny Edenany indray, toerana siantifika, raha tokony ho ny Teny? Manandratra ny Tenin'Andriamanitra ve izy ireo? Miezaka manandratra ny Tenin'Andriamanitra ve ny olona, sa miezaka manandratra ny tenany izy ireo? Iza ilay izy? Manontany aho?

271 Voa nosimbaina ny fiangonana: fahalalana, fandaharana, no nanao an'ilay taranaka manontolo indray, tamin'ny alàlan'ny siantifika, ho tsy mpahalala ara-siantifika ny Tenin'Andriamanitra. Tsy mpahalala ara-siantifika ny Tenin'Andriamanitra! Izany no indray mitelina goavana, sa tsy izany? Saingy, izany izy ireo.

Hoy ianareo, "Tsy mety misy ve izany"?

272 Nisy izany rehefa tonga Jesosy. Tamin'ny andro izay nahatongavan'i Jesosy, ireo—ireo lehilahy ireo dia nahafantatra an'io Tenin'Andriamanitra io, araka ny soratra fotsiny. Sa tsy izany? Azo antoka. Saingy tsy nahalala izy ireo hoe Iza Izy, rehefa nahita an'Andriamanitra teo ambonin'ny elatry ny voromailala iray izy ireo, nanatanteraka sy nanao marina tokoa an'izay Nolazainy fa Hataony. Ary nanao an'izay nolazain'ny Teny mihitsy Izy. "Raha tsy manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, amin'izay fotoana izay dia aza mino Ahy." Fa nanao arak'izay nolazain'ny Teny fa Hataony mihitsy Izy. Fa olona siantifika izy ireo tamin'ireo andro ireo, saingy tsy mpahalala ara-siantifika, mba hinia hanota.

273 Nanajamba ny fitsiriritana. Mila ny Tenin'Andriamanitra izy ireo hampiseho ny, hampiseho ny fitanjahany. Ao amin'ny Apokalypsy 3, nanao hoe, "Manoro hevitra anao Aho hividy

Amiko odi-maso, mba ahafahan'ny masonao hisokatra, mba ahafahanao mahita ny fitanjahanao."

274 Ny odi-maso dia ny Tenin'Andriamanitra, ilay fanasitranana ny maso izay mitondra anareo avy ao amin'ireo zavatra araboajanaharin'izao tontolo izao, ka manova anareo, amin'ny alàlan'ny herin'Andriamanitra, mankao amin'Ny Fanatrehany. Amin'izay fotoana izay dia mahita ianareo! Hoy ianareo hoe, "Very aho fahiny, fa hita aho ankehitriny. Jamba aho, fa mahita aho ankehitriny." Hitanareo, ho samihafa izany.

275 Izany no antson'ny fiangonana amin'izao androizao, dia hoe, "Manoro hevitra anao Aho mba ho tonga hividy Amiko odi-maso ho an'ny masonao, mba ahafahanao ho voahosotra amin'ny Odimasoko, ary amin'izay fotoana izay dia hahita ianao."

276 Aoka ny Fanahy Masina ho tonga eo amin'ny olona rehetra izay manana zavatra marina tokoa ato ambany ato! Avy ao anaty ny fanasitranana. Aoka izany fanasitranana izany ho tonga avy ao amin'ilay Fanahy izay ao anatinareo. Raha Fanahy tena izy iray no manosotra an'ilay Voa tena izy, dia tsy afaka manao afatsy ny mamokatra zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra iray Izany. Fa ilay Fanahy tena izy dia afaka ny ho tonga eo amin'ny—ny voan-tsipolitra iray, afaka milatsaka eo amin'ny tsipolitra iray ny ranonorana, ka hanao azy ho velona mitovy amin'ny ilatsahany eo amin'ny vary iray ka manao azy ho velona. "Fa ny voany no ahafantaranareo azy ireo." Hitanareo? Isika dia hazom-boankazo iray, an'Andriamanitra, mitondra Ny Teniny.

277 Hoy Jesosy hoe, "Aoka ny olona handà ny tenany, ka hanaraka Ahy. Aoka izy handà ny fianarany, handà ny fahalalany, handà ny diplaomany; hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy."

278 Verin'ny olona ny fisainan'ny fahamaotinany mahazatra. Handeha eo amin'ny Soratra kely aho eto, mandritra fotsiny . . . Hanome eo amin'ny dimy minitra ho an'ny tenako eo amin'izany aho, folo, hitanareo. Verin'ny olona ny fahamaotinany eo anivon'ny iray hafa. Izy ireo dia—tsy tahaka azy ireo taloha izy ireo. Lehilahy azon-taona, tahaka ahy sy ireo rahalahy, eto, dia mahafantatra, ary ireo vehivavy. Tsy mihetsika tahaka azy taloha ny olona. Verin'izy ireo ny fahazoana mahazatra. Ny—ny—ny ara-tsaina—ny fiantraikany ara-tsaina izay nananany teo amin'ny olon'ireo andro siantifika moderina izay iainantsika, no nahatonga ny olona nahavery ny fandanjalanjany araboajanahary. Izy ireo dia tsy afaka mihevitra olona iray, vehivavy iray, ho toy ny anabavy iray na anadahy iray. Zavatra iray maloto izany. Izy ireo vantany vao . . .

279 Ary ny vehivavy dia tsy maintsy mampitafy ny tenany tena tsy maotina, mba hivoaka eo anivon'ny olona. Dia hoy izy ireo hoe, "Vehivavy tsara iray aho." Eny, ho an'ny inona no ametrahany ny tenany eo ivelany eo tahaka an'izany? Jamba

izy. Eny, raha—raha ny anareo . . . Raha ny iray amin'ireto anabavy eto ireto, izay—izay kely taona, raha ny reninareo na ny reniko no nivoaka teny an-dàlambe, tahaka ny iray tamin'ireo vehivavy ireo, dia ho nametraka azy ireo tany amin'ny toeram-pitsaboan'ny marary saina izy ireo; tsy nanana saina ampy akory aza izy ireo hahaizana mametraka ny akanjony. Eny, raha fahararian-tsaina izany tamin'izany, dia fahararian-tsaina izany ankehitriny. Mbola ilay karazam-behivavy iray ihany foana izany. Hitanareo? Fa verin'izy ireo ny fahamaotinany rehetra, ny fahazoany rehetra. Verin'izy ireo ny azy. Ary miaraka amin'ity fahazoana moderina ity, miaraka amin'ny kolontsaina sy fianarana, "Mahasalama kokoa, ny toy izany." Fahotana sy fahafatesana izany! Mariho. Izy ireo dia, oh, tsy tahaka azy ireo taloha. Rehefa ny . . .

280 Ary mariho ao amin'ny fiainan'ny fiangonana. Izany taloha, tao amin'ny fiainan'ny fiangonana, taloha elabe, rehefa nanana zavatra iray ho lazaina ilay mpaminany hoe, HOY NY TOMPO HOE, dia nihetsika ny olona. Nijanona niaraka tamin'Izany mihitsy izy ireo. Nihetsika izy ireo. Fa ankehitriny, "Tsy tiako io zalahy io. Fidio ny androahana azy." Hah! Hitanareo? Ah-hah. Hitanareo, tsy manana fahazoana intsony izy ireo. Tsy mihetsika amin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra intsony mihitsy ny olona.

281 Ny Tenin'Andriamanitra dia Ny Fanahiny, ary Ny Teniny dia tonga amin'ny Mpaminaniny. Ary ny Teny no natao hanova anareo avy amin'izay naha-zavatr'izao tontolo izao, ho amin'ny endriky ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Ary afaka tonga amin'ny alàlan'ireo mpaminany ireo irery ihany ny Teny, raha miteny izy ireo. Ary tsy maintsy ampitahaina amin'ny Teny izany, ka maneho fa ny Teny izany. Amin'izay fotoana izay raha manaiky an'io Teny io ianareo, dia Izany no hanova anareo; avy amin'ny zanakalahin'Andriamanitra iray, na zanakavavy . . . na, avy amin'ny zanakalahin'izao tontolo izao, ny zanakavavin'izao tontolo izao, ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

282 Jereo ianareo eto. Firy no efa nanana an'izany fahatsapana izany? Ny tsirairay avy amintsika. Efa nanana an'izany fahatsapana izany isika. Satria, efa voateny Izany, ninoana Izany, ary nivoaka ny Teny ka nilatsaka tao amin'ny tany fambolen'ny fo, ary tao Izy no nitombo avy hatrany nivoaka avy tamin'izany. Hitanareo?

283 Manova ny tenanareo, Ny Fanahiny Masina no manova an'ilay Teny voa ho amin'ny fitoviana Aminy. Tahaka ny hazo poara iray mamokatra poara iray, hazo paoma iray paoma iray, ireo zavatra tahaka an'izany; Ny Teniny dia hamokatra zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Izany no nasaina hataony.

284 Indray andro rehefa nipetraka tao anatin'ny aizina sy korontana indray izao tontolo izao, dia nanomba teo amboniny ny Fanahin'Andriamanitra, tao amin'ilay voa voafidy mialoha. Voa iray voafidy mialoha, ilay voafidy mialoha, ary niova izany. Naka ny Isaia 9:6 izany.

285 Ankehitriny, io mpaminany izay nitsangana teo io, inona ny—ny lehilahy iray izay nanana fanapahana iray nanerana ny firenena, ireo vahoaka. Nino azy ireo vahoaka mpivavaka tamin'ny androny; tsy izy rehetra, tsy nino mihitsy izy ireo. Fa, ity mpaminany ity, efa nahita an'io lehilahy io niteny zavatra izy ireo ary tena marina tokoa ilay izy. Izay nolazainy dia tanteraka, ary niseho izany. Ary, eto, tsy maintsy nitsangana teo anatrehan'ny vahoakany ity lehilahy ity, ka nanao hoe, "Hanan-anaka ny virijiny," oh, very saina. Saingy, hitanareo, tsy Andriamanitra no niteny an'ilay izy, Izy tenany, miteny amin'ny alàlan'ireo Mpaminaniny Izy. Ankehitriny, tsy misy na inona na inona voasoratra ao amin'ny Baiboly mikasika an'izao, fa nitsangana ity mpaminany ity, nanao hoe, "Ny virijiny dia . . . " Ao amin'ny Isaia 9:6 hoe, "Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no nomena antsika; Ny Anarany dia hantsoina hoe 'Mpanolotsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, Rain'ny Mandrakizay.'" Ankehitriny raha "hanan-anaka ny virijiny," notenenin'io Teny io, izay tsimoka iray, dia tokony ho eo ilay tany fambolena handray azy, indray andro any. Nikaroka nanerana ny tany Izy, fa tsy nisy anankiray. Nandeha nanerana ny tany Izy, fa tsy nisy anankiray.

286 Fa nanakaiky teo amin'ny valonjato taona taty aoriana, vao nahita tany fambolena iray io voa voafidy mialoha io, ary nanomboka nitombo izy.

287 Tahaka ny nataon'Andriamanitra tany amin'ny voalohany fotsiny hoe, "Aoka hisy mazava," ary angamba valonjato taona taty aoriana vao nivoaka ilay hazavana. "Aoka hisy hazo iray," dia nivoaka tahaka an'izany indray ilay izy, ny zavatra rehetra izay Nolazainy.

288 Indro ny voa voafidy mialoha iray namokatra *Imanoela*, "Andriamanitra miaraka amintsika." "Ary Izy no ho tadiavin'ny Jentilisa rehetra," ary Izany Ilay tadiavintsika androany, Jesosy. Hitanareo, voa voafidy mialoha!

289 Niezaka namafy an'izany Satana, tahaka ny nanaovany an'i Eva. Niezaka namafy an'izany izy, saingy tsy nahomby. Niaraka tamin'ny Fanosehany *eto*, dia voa voafidy mialoha iray Izy. Tsy afaka naka Azy izy ireo, mba hanao Azy ho Fariseo iray na Sadoseo iray. Tsy afaka nanao Azy hikambana amin'ny rafi-pandaminana iray izy ireo. Izy no voafidin'Andriamanitra mialoha, Teny voambara. Tsy afaka nanipy an'io tsi-finoana io teo Aminy i Satana. Nanana fanosehana iray Izy teo Aminy.

Andriamanitra, fafazo amin'ny fanosehana iray izahay, izany no fivavako. Marina izany.

290 Noho izany dia tonga teo Aminy ny Fanahy ary nandefa Azy nankeny Kalvary, teo amin'ny hazo fijaliana, mba hitondra Hazavana ao amin'izao andro izao, ary Hazavana ho an'ireo voa voafidy mialoha rehetra ho an'ilay Fiangonan'izao andro izao, manova an'ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, ho ao amin'Ny Fanatrehany.

291 Aza tafintohina amin'ilay teny hoe "fifidianana mialoha." Fa nodinihako izany, hitanareo. Te-haneho aminareo aho, Efesiana 1:5.

292 Hitanareo, tahaka anareo fotsiny, jereo, tahaka anareo tao anatin'ny rainareo fotsiny; araka ny nolazaiko indray hariva, tahaka anareo tao anatin'ny rainareo fotsiny tany amin'ny voalohany. Raha tsy tao ianareo, dia tsy ho teto. Fa, hitanareo, tsy maintsy nandeha tao amin'ny tany famafazana iray izany, mba hamokatra anareo. Ary ankehitriny dia zananilahy ianareo, zananivavy ianareo. Hitanareo, voa iray izany. Ary amin'izay fotoana izay ianareo raha mba . . .

293 Raha Kristiana iray ianareo ankehitriny, voa voafidy mialoha iray tena izy, dia efa tao amin'Andriamanitra ianareo talohan'ny nisian'ny . . .Efa tao amin'Andriamanitra foana ianareo. Ny tsimoky ny ainareo, dia toetran'Andriamanitra iray, izay efa tao an-tSainy.

294 Atao hoe, ohatra, ity ramatoa kely tsara tarehy mipetraka *eto* ity, hitanareo. Hoy Andriamanitra hoe, "Amin'ilay andro dia hisy zazavavy iray, ny anarany dia ho *Ranona-sy-ranona*. Izy dia ho *ity*, *izao*, ary *ity*," ary fantany aza fa amin'izao ora izao mihitsy, "dia hipetraka sy hihaino ny Hafatra izy, miakanjo akanjo mena." Hitanareo, izany no Fisainany. Na iza na iza ny vadinareo, ary na iza na iza izy; fa ho Entiny miaraka izany, ary ianareo dia hipetraka eto amin'ny—eto amin'ity—ity tanàna ity amin'izao andro izao. Tsy mety hisy fomba iray hahatonga anareo ho diso an'izany, hitanareo, satria mitombo ianareo. Ary raha mbola voa foana ianareo ao anaty, mitombo, dia tsy maintsy mamokatra marina tokoa an'izay nolazain'ilay voa fa hataonareo ianareo. Marina tokoa izany. Izany dia Ny Teniny; Izy no mihazona Ny Teniny, miambina an'Izany Izy.

295 Tao anatin'ny rainareo ianareo, amin'ny maha-tsimoka iray, ary nivoaka ianareo amin'ny maha-zanakavavy iray; ianareo, ianareo, ny tsirairay avy aminareo, ireo rahalahy sy anabavy, nivoaka ianareo. Raha tsy tao anatin'ny rainareo ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy ho teto ianareo.

296 Ary raha tsy tao amin'Andriamanitra ianareo . . .Raha mino ny hafatry ny Baiboly ianareo, ary ny Hafatra ankehitriny an'ilay andro, fanamarinana iray an'Izany; ny antony ipetrahanareo eto, dia satria voafidy mialoha hipetraka eto ianareo. Tsy ho

teto ianareo, raha tsy izany; ho teny an-dàlambe ianareo, mamo angamba, ny sasany aminareo; ary ny sasany aminareo eto ka mandehandeha miaraka amin'ny vadin'ny lehilahy hafa iray; ary ianareo vehivavy any ivelany, manambady, nefa mandehandeha miaraka amin'ny vadin'ny vehivavy hafa iray, na zavatra tahaka an'izany. Hitanareo, saingy efa voafidy mialoha ho eto ianareo. Hitanareo, tsy mahavita na inona na inona amin'izany ianareo. Manana Ray iray ianareo, Andriamanitra Izy, ary ianareo dia voa iray.

297 Ary rehefa tonga teo amin'ny toerana iray Izy, dia mitondra anareo Izy ankehitriny ho eo amin'ny . . . Tao Aminy ianareo tamin'izany, amin'ny maha-fisainana iray, ankehitriny dia olona iray ianareo izay afaka miombona Aminy. Hitanareo? Tahaka anareo tao anatin'ny, ianareo tao anatin'ny rainareo, tany amin'ny voalohany, saingy ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavy ianareo, mba ahafahanareo miombona amin'ny raiamandreninareo. Ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, izay afaka miombona amin'ny Raintsika, Andriamanitra. Hitanareo, tena tsara tarehy fotsiny ilay izy! Tsy tianareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny!"—Mpand.] Avy eo dia lasa mitovy Aminy ianareo. Ary raha zanaka isika, amin'izay fotoana izay dia toetra ianareo, ary araka ny Endriny tany amin'ny fiandohana.

298 Ary, tsarovy, raha efa tao Aminy ianareo tany amin'ny voalohany; ary rehefa Jesosy, izay Andriamanitra, ilay Teny tonga nofo ka nonina teo anivontsika; amin'izay fotoana izay dia tao Aminy ianareo ary nahatanty an'ireo ompa izay Noraisiny. Nandeha nankeny Kalvary niaraka Taminy ianareo, tao Aminy. Maty ianareo, tao Aminy. Nitsangana ianareo, tao Aminy. Ary ankehitriny dia miara-mipetraka ao amin'ny toeran-Danitra ianareo, ao Aminy. Hitanareo?

299 Raha Amerikana iray aho, dia mahatanty ny fahamenarany rehetra, mahatanty ny voninahiny rehetra. Izay hany naha-izy azy, dia izany aho. Teratany Amerikana iray aho. Izaho dia . . . Nipetraka teo ambonin'ny Plymouth Rock aho. Eny, tompoko. Hia, nipetraka teo ambonin'ny Plymouth Rock. Nataoko sonia ny . . . Tao amin'ilay efitrano lehibe aho tamin'io maraina io rehefa nanao sonia an'ilay Fanambarana ny Fahaleovantena izy ireo. Nanao sonia an'izany niaraka tamin'izy ireo aho. Ampahan'ny toe-kareny aho. Nanao sonia an'ilay Fanambarana ny Fahaleovantena aho. Marina izany. Niaraka tamin'i Washington aho, tao Valley Forge, rehefa niampita an'ilay renirano izy. Tany aho tamin'io maraina io. Nivavaka niaraka taminy aho. Tany aho. Tany ianareo, amin'ny maha-Amerikana iray. Raha Amerikana iray ianareo, dia tany ianareo. Satria, ny zavatra rehetra maha-Amerika, dia ianareo. Nanangana ny saina—saina tao Guam aho. Nanampy azy ireo nanao an'izany aho. Naka ny manda rehetra aho. Nitondra ny

fahamenarany aho, amin'ny maha-mpitolona iray. Na inona na inona naha-izy azy, dia izany aho.

300 Ary na inona na inona naha-izy an'i Kristy, dia izany aho. Izay maha-izy Azy, dia izany aho. O Andriamanitra! Raha noheverina ho fanatika iray Izy, dia tsy maintsy ho izany koa aho. Raha Izy no—no Belzeboba iray, tamin'ny alàlan'ireo Asan'Ny Fanahiny, dia izany koa aho. Na inona na inona naha-izy Azy, dia izany aho. Na inona na inona naha-izy Azy, dia izany ianareo.

301 Isika dia tsy maintsy ho mpanao ny tsi-fahafatesany, ny fahafahany na ny lazany, ny voninahiny na ny fahamenarany.

302 Tsy maintsy ho izany isika. Tsy maintsy ho ilay Fiangonana isika, ny Ampakarin'i Jesosy Kristy. Velona niaraka Taminy aho teto an-tany, rehefa velona Izy. Maty niaraka Taminy aho rehefa maty Izy. Nitsangana niaraka Taminy aho rehefa nitsangana Izy. Mikambana aho ary mipetraka miaraka Aminy ankehitriny ao amin'ny toeran-Danitra, satria Ampahany aho. Na aiza na aiza misy Azy, dia any aho. "Izay misy ny Mpanompoko, dia ho any koa Aho."

303 Ankehitriny dia afaka miombona amintsika Izy ary amin'ny alàlantsika, ka manankina Ny Teniny amintsika. Satria, ampahan'Ny Teniny isika. Isika . . . Raha Izy no Teny, ka Ampahany isika, amin'izay fotoana izay dia ampahan'ny Teny isika.

304 Ary ahoana no ahafahako mandà fa manana tànana iray aho? Tsy mampaninona na vendrana sasany firy no, miala tsiny aho, siansa sasany no hilaza fa—fa tsy manana tànana iray aho; manana tànana iray aho! Fantatro fa manana tànana iray aho. Mampiasa azy aho.

305 Ary fantatro fa manana Andriamanitra iray aho. Manana Mpamonjy iray aho. Tsapako ato amin'ny fanahiko Izy. Izaho, Ampahany aho. Izay lazain'ity Teny ity, dia izany aho. Ary raha mandà ampahany anankiray amin'*Ity* aho, izany dia hitovy amin'ny hoe mandà fa manana tànana iray aho, sofina iray, maso iray. Tsy afaka manao an'izany aho nefa mbola hijanona ho olombelona iray, ao amin'ny saiko tsara; tsy afaka handà ny iray amin'ny Tenin'Andriamanitra ihany koa aho nefa hijanona ao amin'ny saiko tsara, ilay Fanahin'Andriamanitra marina. Izaho dia tsy maintsy mandray an'izay lazain'ny anaram-piangonana na izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'Izany. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany ianareo.

306 Ankehitriny, "manova." Afaka manova antsika amin'ny alàlan'Ny Teniny Izy, mba ahafahantsika mitsahatra, satria ampahan'Izany isika.

307 Ary ankehitriny dia misy zavatra maro, eo am-piresahana mikasika ny fahaterahako ara-boajanahary, misy zavatra betsaka ao amin'ny fahaterahako ara-boajanahary izay tsy

azoko ihamboana. Hoteneniko aminareo, tsy manana na inona na inona ihamboana aho. Mpanota iray ny reniko, eo ampanombohana; mpanota iray ny raiko. Ary avy amin'ny andiana mpanapa-tenda sy mpiady amin'ny basy izy ireo, ary ny ankamaroan'izy ireo dia maty niaraka tamin'ny kirarony; mamolava ary mpanao toaka sandoka, sy ny zavatra hafa rehetra, avy ao Kentucky. Ny reniko, Indiana tapany. Ary izaho—tsy manana na inona na inona ihamboana aho. Tsy afaka mihambo ny amin'ny laharam-pianakaviako aho.

308 Saingy, voninahitra ho an'Andriamanitra, misy anankiray izay azoko ihamboana, ny Fahaterahako Faharoa, izay avy amin'i Jesosy Kristy. Afaka mihambo ny amin'io Raiamandreny izay ananantsika io aho, satria Izy no Raiko. Izy no Mpamonjiko. Izy no Mpanavotro. Afaka mihambo ny amin'ny zavatra rehetra izay Izy no—Nataony ho ahy aho, satria lasa Zanany aho ankehitriny. Tsy zanak'i Charles Branham intsony aho, zanak'i Jesosy Kristy aho. Marina izany. Afaka mihambo ny amin'ny Fahaterahako aho ankehitriny. Tsy afaka mihambo ny amin'ny fahaterahako voalohany aho, tsy misy na inona na inona ao, menatra ny amin'izany aho. Fa tsy menatra ny amin'ny Fahaterahako Faharoa aho. Tsia, tsia. Tsy menatra ny amin'ny Fahaterahako Faharoa aho. Ahoana no Nanaovany an'izany? "Tamin'ny fanasan'ny rano tamin'ny alàlan'ny Teny." Marina izany.

309 Ireo mpino voafidy mialoha marina dia mijanona amin'ny Teny, ary tsy hanimba an'Izany izy ireo. Tsy afaka ny ho simba Izany. Oh, ry zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, nahoana isika no tsy afaka manana an'io fiombonana lehibe izay tokony hananantsika io, miaraka amin'ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra rehetra? Tokony hanana an'izany isika. Saingy tsy hanao an'izany fotsiny izy ireo, izay ihany, satria tsy zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra marina izy ireo hatramin'ny . . .

310 Hitanareo, araka ny nolazaiko indray hariva, izaho dia handeha . . . Nanana an'izany voasoratra aho teto, saingy tsy manam-potoana hiresahana an'izany aho. Havelako sy hajanoko izany ankehitriny.

311 Io anatin'ny anatiny kely io, teo no nanombohanareo, dia ny *ainareo*; avy eo dia tonga avy tamin'izany, dia *fanahy* iray ianareo; ary avy eo dia lasa *olona* velona ianareo. Ankehitriny, ilay *olona* velona dia manana taovam-panamboloana dimy, mba hifandraisana; ilay *faharoa* dia manana taovam-panamboloana dimy. Izany ilay vatana ety ivelany: mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre. Ilay vatana ao anatiny dia manana fitiavana sy fieritreretana, sy ny sisa, taovam-panamboloana dimy. Fa ilay anatin'ny anatiny, ilay tilikambo mifehy, dia na Andriamanitra na Satana.

312 Ary afaka maka tahaka ny zavatra rehetra izay azonareo ifandraisana ianareo, toy—toy ny, toy ny Kristiana iray; na afaka mandroaka devoly ianareo, toy ny Kristiana iray. Saingy ilay tilikambo mifehy ao anatiny, ilay fiandohana, ilay tany amin'ny voalohany, dia tsy avy amin'Andriamanitra, tsy hiverina mihitsy any amin'Andriamanitra izany. Azonareo ve ilay izy? Tsy nandroaka devoly ve i Jodasy? I Kaiafa ve tsy, ilay anankiray izay nanameloka Azy ary nametraka Azy teo amin'ny fahafatesana, naminany mihitsy aza? Saingy tsy afaka nijanona tamin'ny Teny izy. Hitanareo? Marina izany.

313 Novaina avy tamin'ny fiangonana sy izao tontolo izao, ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra! Mariho ity, eo ampamaranana ankehitriny.

314 Ary ankehitriny dia ahoana ireo zanak'Andriamanitra mirenireny, mirenireny any amin'izao tontolo izao any, ny sasany amin'izy ireny dia *ity* anaram-piangonana ity, avy amin'ny anaram-piangonana mankany amin'ny anaram-piangonana, tahaka an'ireo kintana mirenireny, tsy maritoerana mihitsy. Tahaka ny ravin-kazo iray eny ambonin'ny rano amin'ny lohataona. Efa nahita an'izany isika taloha, Leo, tany Atsinanana tany. Nisidina nilatsaka teo ambonin'izany ireo ravin-kazo, ary ny rivotra kely rehetra dia nitsoka azy avy amin'*ity* ilany ity mankany amin'*itsy* ilany itsy.

315 Fa tian'Andriamanitra ho mari-toerana isika. "Miantsona ao amin'i Jesosy, tsy hatahotra an'ireo tafio-drivotry ny fiainana aho. Miantsona ao amin'i Jesosy, tsy matahotra an'ireo rivotra sy onja aho," hitanareo, na inona na inona ilay izy. Maro aminareo no mahatsiaro ny lakolosin'ny Inch Cape, fony ianareo tany an-tsekoly, zazalahy sy zazavavy tany an-tsekoly.

316 Novaina ny vatan'i Abrahama sy Saraha, mba hanatanteraka an'ilay fepetran'ny Teny nampanantenaina. Hitanareo, antitra izy ireo. Nandray ny teny fikasana i Abrahama, sy Saraha, rehefa dimy amby fitopolo taona izy, ary izy dimy amby enim-polo, efa nihoatra ny fitsaha-jaza; niaina niaraka taminy hatramin'ny naha-zazavavy iray azy, izay isan'ny anabavy iray. Ary, mba hihazonana an'io teny fikasana io, dia novaina ny vatan'izy roa, avy amin'ny lehilahy sy vehivavy antitra iray, ho lehilahy sy vehivavy tanora iray, mba hanatanteraka ny teny fikasan'ilay andro.

317 Voninahitra ho an'Andriamanitra! Manao ahy hahatsapa ho tena tsara izany. Hitanareo? Tsy ahoako izay naha-izy ahy, tsy ahoako hoe ahoana no nahatongavako teto, afaka hovaina isika mba hanatanteraka ny teny fikasan'ity andro ity. Fa, afaka miara-monina ao amin'ny firaisana sy ny fahamorampanahin'ny Fanahy Masina isika, ary miaina toy ny mpirahalahy sy mpirahavavy.

318 Enoka, novaina ny vatany manontolo, mba hanatanteraka tandindona iray, tao amin'Andriamanitra, ka nentina nankany An-danitra izy tsy nahita fahafatesana akory aza, izany i Enoka. Nanao an'ilay zavatra iray ihany i Elia.

319 Ny vatan'i Jesosy dia novaina avy tamin'ny endrika maty iray, mangatsiaka, voapotsipotsitra, nokapohina mandra-pahatongan'ireo Ratrany sy Ny—Ny taolan-tehezany nisitrika tao amin'ny Lamosiny. Ary—ary notsindronina ny Fony, tamin'ny lefona tahaka an'*izao* angamba ny velarany, nitomboka tao amin'ny Fony mihitsy, ary tonga ny Rà sy ny rano. Na dia ny hamandoan'ny Vatany aza, dia niala, ka niraraka teo amin'ny lefona ny Rà, ka hatrany amin'ny Tongony, ary nitete teo amin'ny tany. Ary tena maty Izy hany ka nilaza ny volana sy ireo kintana fa maty Izy, nilaza ny tany fa maty Izy; nanao fiankohofana iray nampahatahotra, ireo—ireo vatolampy dia nihozongozona teo amin'ny tany, sy ny sisa. Ny zavatra rehetra dia nilaza fa maty Izy; na dia Andriamanitra aza dia nanafina ny Tavany. Maty Izy. Saingy novaina ny Vatany. Nahoana? Satria hoy Andriamanitra hoe, "Tsy hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho, na koa tsy Havelako hahita ny lò Ny Iray Masiko." Tsy misy fomba hanaovana an'izany.

320 Indray andro any, dia mety hihinjitra ao anatin'ny vatam-paty iray ireo vatantsika. Isika dia mety ho tonga . . . Mety ho tonga ianareo ka hijery ahy mandry ao anatin'ny vatam-paty iray. Mety ho tonga aho ka hijery anareo, mety hilaza an'ireo teniko farany eo aminareo, na zavatra tahaka an'izany. Fa tsy hahatazona anay ao am-pasana mihitsy ianareo. Mety hametraka vatolampy eo amboninareo izy ireo. Mety handevina anareo ao anatin'ny ranomasina izy ireo. Mety hanao an'izay rehetra tiany hatao izy ireo, fa ilay Herin'Andriamanitra manova kosa . . .

321 Ao amin'ny II Tesaloniana, voalaza hoe, "Tsy tiako tsy hahalala ianareo, rahalahy, mikasika an'ireo izay nodimandry. Fa izao no lazainay aminareo, ihany koa, araka ny Didin'ny Tompo, fa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, ka ireo izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha; isika izay velona ka mitoetra," araky ny nolazain'ilay hira aninkeo maraina, "dia hakarina miaraka amin'izy ireo, mba hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka."

322 Ilay Herin'Andriamanitra manova, izay naka antsika avy tao amin'ny korontan'ny siansa sy fianarana, ary ireo zavatr'izao tontolo izao, sy ny fahalalan'ity andro moderina ity, no nanova antsika ankehitriny ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Ary na dia ny fahafatesana izy tenany aza dia tsy afaka hihazona antsika mihitsy ao am-pasana. "Hovaina isika, ao anatin'ny fotoana vetivety, ao anatin'ny indray mipi-maso."

"Oh, ny tianao lazaina ve?"

323 Ny tiako ho lazaina dia izany no Fahamarinana! Jesosy, ilay Teny nitsangana teto an-tany, dia ny Teny, ilay Anankiray izay nitsangana, ka nanangana an'i Lazarosy. Hoy Izy hoe, "Izaho no Fananganana sy Fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Ary na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony." Tsy misy fomba hampijanonana ny Tenin'Andriamanitra velona! Tsy maintsy mitsangana indray Izany.

324 Ary avy amin'ity korontan'ity Edena siantifika moderina izay iainantsika ity, an'ny kolontsaina sy—sy siansa ary fianarana, ity karazan-javatra moderina rehetra ity, dia hitsangana isika! "Hahintsantsika ity lamban'ny nofo ity, ary hitsangana ka handray an'ilay loka mandrakizay," indray andro any. Handeha hamakivaky ny habakabaka isika, ary hifarana ity rehetra ity. Satria ny Tenin'Andriamanitra izay nitondra antsika niala tamin'ny fisainan'ny saintsika moderina, manova ny saintsika ho amin'ny fanavaozana ny fontsika mankany amin'Andriamanitra, sy ny fanahintsika; io Fanahy iray io ihany izay niteny an'izany, no nanova antsika hatreto, ary Izany koa no hitondra antsika ho eo amin'Ny Fanatrehany, ho ao amin'Ny Voninahiny, miaraka amin'ny vatana nomem-boninahitra iray.

325 "Hanorina trano izy ireo, tsy hipetraka ao amin'izany izy ireo. Hamboly voaloboka izy ireo." Ao amin'ny fikarohana siantifikantsika rehetra; mamboly saha iray isika, tonga ireo zanatsika ka maka ny voankazo avy amin'izany, ary tonga ireo zanany ka maka an'izany avy aminy. Ary mamboly izy ireo, fa anankiray hafa no mihinana; ary manorina izy ireo, fa iray hafa no hipetraka. "Fa ho lava kosa ny andron'ireo Mpanompoko, ho eo izy ireo ary ny solofony hiaraka amin'izy ireo. Hanorina izy ireo, ka tsy iray hafa no hipetraka. Hamboly izy ireo, ka tsy iray hafa no hihinana an'izany." Inona? Ilay tena Andriamanitra mihitsy, ilay tena mpaminany mihitsy izay nolazain'ny Tenin'Andriamanitra hoe "hanan-anaka ny virijiny," no nampanantena antsika an'izany!

326 Ahoana no hahazoantsika an'izany? Amin'ny ampahany dia efa ao isika izao ankehitriny izao, hitanareo, satria Andriamanitra no niteny an'izany. Tsy maintsy hisy izany. Rehefa nanangana an'i Lazarosy Izy tany, dia nanao hoe, "Aza mihevitra fa hafahafa izao, fa ho avy ny ora izay handrenesan'ny rehetra izay ao am-pasana ny Feon'ny Zanak'olona, ka hivoaka; ny sasany ho amin'ny henatra, ary ny sasany ho amin'ny Fiainana."

327 Inona izany? Manova, manova amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, manao antsika ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, ary hanome antsika Fiainana ihany

koa amin'ny fiainana ho avy. Oh, oadray! Mbola inona koa no azoko lazaina? Aza mihaino zavatra hafa.

Aza mitsiriritra ny harem-poanan'ity izao tontolo izao ity,
Izay malaky mihalò,
Aoreno ao amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Tsy ho levona mihitsy izy ireo.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova! (Ndao isika hihira an'izany!)
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova! (*Ity* izany!)
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Rehefa tapitra ny diantsika,
Raha nahatoky tamin'Andriamanitra isika,
Mamiratra sy tsara tarehy ny tranontsika any amin'ny Voninahitra,
Hahita ny fanahintsika nampakarina.

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova! (Aoka hiova!)
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

328 Aza manamarika ny siansa, izay azony porofoina, raha mifanohitra amin'ny Teny izany. Hitanareo? Aza manamarika ny fiangonana, izay lazainy, raha mifanohitra amin'ny Teny izany.

Satria mihazona eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova isika!

329 Miova ny fotoana, miova ny siansa. Hazòny io Tànana izay tsy mety miova io!

Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova.

330 Andriamanitra Ray, ao amin'ny Fanatrehana Anao, raha mivory eto izahay izao maraina izao ao amin'ity, maka halavana iray, Hafatra lava, nihitatra, ary, O Tompo, mivavaka aho mba Hametrahanao an'ireo Voa ireo ao anatin'ny fon'ireto olona ireto. Tsarovy, Tompo, mivavaka izahay, fa malemy izahay, ary malemy ny toe-batanay, ary izahay . . . indraindray dia tsy

fantatray hoe iza no làlana ihodinana. Andriamanitra malala, Ianao no manodina anay sy mitarika anay amin'Ny Fanahinao lehibe, Tompo. Ampio izahay. Aza mamela anay irery mihitsy, Ray. Ianao no nampanantena fa tsy hamela Ianao. "Tsy handao anao mihitsy Aho na hahafoy anao. Homba anao Aho."

331 Ary, Andriamanitra Ray, mivavaka izahay mba Hitarihanao làlana ny Rahalahinay Leo, sy Gene. Ataovy izy ireo, Tompo, ho ilay karazana mpitarika izay Tianao hananana eo amin'ity vahoaka eto ity; tsy mampiasa ny eritreriny manokana, fa aoka ny Fanahy Masina lehibe no hitarika azy ireo ao amin'izay hatao.

332 Tahio ireto lehilahy sy vehivavy ireto, ireto ankizy tanora ireto, tahaka, Tompo, ny tamiko. Ary izaho—izaho—mivavaka aho mba Hitehirizanao azy ireo ao amin'ny fiainana lava. Mamelà, raha azo atao, Tompo, mamelà anay hahita Ny Fihaviany. Mino izahay fa hahita, satria mahita ny zavatra rehetra tena akaiky izahay ankehitriny. Tena akaiky izany! Ekeo izany, Ray. Mametraka azy ireo Aminao izahay, miaraka amin'ny tenanay, ankehitriny, hanompo Anao, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Miala tsiny aho nihazona anareo ela toy izao. Rahalahy Leo.

Ny Herin'Ny Fanovàna MAG65-1031M
(Power Of Transformation)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 31 Oktobra 1965, tao amin'ny Pine Lawn Trailer Park ao Prescott, Arizona, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org